10 androm-bavaka

# MIKATSAKA FIFOHAZANA

6 – 16 janoary 2021

# TARI-DÀLANA HO AN'NY MPITARIKA:
# MIKATSAKA FIFOHAZANA

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2021! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahaterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovam-po, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, fifohazan'ny fiangonana ary fahasitranan'ny fifandraisana.

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

> "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny. "(2 Tantara 7:14).
>
> "Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra" (Jeremia 29:13).
>
> "Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena" (Joela 3:5).
>
> "Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy" (Jak. 4: 8).
>
> "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko " (Apôk. 3:20).

Na aiza na aiza no misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Te handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiaraha-monina misy anao ary ny tontolo iainanao Izy. Andeha hiaraka aminay ankehitriny hivavaka ho an'ny fifohazana ara-panahy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina!

## LOHA-HEVITRA ANKAPOBENY HO AN'NY FOLO ANDROM-BAVAKA

### Tari-dàlana ho an'ny vavaka isan'andro

Nanolotra tari-dàlana momba ny vavaka hatao isan'andro mandritra ny folo androm-bavaka izahay. Ny tari-dàlana tsirairay dia misy andalan-tSoratra Masina, vakiteny ho saintsainina (fampaherezana), andinin-teny hanaovana vavaka, soso-kevitra momba ny vavaka ary ny soso-kevitra momba ny hira. Manoro hevitra anao izahay mba hanaovana dika mitovy ny tari-dàlana isan'andro mba hahafahan'ny mpandray anjara tsirairay avy manaraka izany mandritra ny fotoam-bavaka.

Ny fiangonana maneran-tany dia hiombom-bavaka momba ny lohahevitra isan'andro. Miaraha amin'izy ireo hivavaka araka ireo andinin-tSoratra Masina voatondro sy ireo antom-bavaka, kanefa aza mihevitra hoe tsy maintsy hihazakazahanao ho vitaina avokoa ireo lisitra rehetra momba ny vavaka. Mety ho tianao ny hizarazara ho vondrona kely ary asao ny vondrona tsirairay hivavaka ho an'ny ampahany amin'ny antom-bavaka.

Nampidirinay koa ny tahiry antsoina hoe “Antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany”. Zava-dehibe ny miara-mivavaka ho an'ny fianakaviam-ben’ny fiangonantsika maneran-tany, nefa mety te hanokana fotoana fanampiny hivavahana ho an'ny zavatra ilaina eo an-toerana hianareo raha toa ny vondrona misy anareo ahitana mpitsidika avy amin'ny fiaraha-monina manodidina. Mivavaha ho an’ny fomba handraisana tsara kokoa ny vahiny sy hahatonga azy ireo hahatsapa fa anisan'ny vondrona misy anareo izy. (FANAMARIHANA: Ny “Antom-bavaky ny Fiangonana Maneran-tany” dia mbola hasiana fanavaozana. Jereo ny www.tendaysofprayer.org.)

**Soso-kevitra momba ny Halavan’ny Fotoam-bavaka Tsirairay**

Ataovy tsotra ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ny vondrona hifantoka tsara amin'ny fivavahana. Mety hiovaova ny halavam-potoana lany amin'ny fizarana tsirairay. Ity tari-dàlana manaraka ity dia sosokevitra fotsiny ihany:

**Fiarahabana sy fampidirana**: 2 - 5 minitra

**Famakiana ny teny hanaovana fampaherezana** (ao amin'ny tari-dàlana momba ny vavaka isan'andro): 5 minitra

**Vavaka amin'ny alàlan'ireo andinin-tSoratra Masina** (ao amin'ny tari-dàlana momba ny vavaka isan'andro): 10 - 15 minitra

**Vavaka momba loha-hevitra** ao amin'ny “Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka” (ao amin'ny tari-dàlana momba ny vavaka isan'andro): 20 - 30 minitra

**Hira sy fiderana setriny**: 5 - 10 minitra

**Vavaka ho an'ny hafa**

Entano ny olona tsirairay hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona dimy ka hatramin'ny fito izay napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Mety ho havana izy ireo, namana, mpiara-miasa, mpifanolo-bodirindrina, na olom-pantatra tsotra izao. Ampirisiho izy ireo hangataka ny fitarihan’ny Fanahy Masina amin'ny fisafidianana ireo anarana sy amin'ny fanatonana ireo olona ireo mandritra ny folo andro. Mety ho tianao ny karatra na taratasy kely hitanana an-tsoratra ny anaran’ireo olona tiany ho entina am-bavaka.

**Fotoam-pivavahana Sabata mandritra ny Folo Androm-bavaka**

Aoka hisy fifantohana amin’ny vavaka iray manokana ary fizarana fanandramana na fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly mandritra ny fotoam-pivavahana amin’ny Sabata anankiroa. Aoka mba hasiana zava-baovao - misy fomba maro hizarana amin'ny fianakaviam-ben'ny fiangonana izay zava-mitranga nandritra ny fihaonana isan’andro.

**Fankalazana ny Sabata farany**

Ny Sabata farany dia tokony hatao fotoam-pifaliana lehibe ny amin'ny zavatra rehetra nataon' Andriamanitra nandritra ny folo andro. Mampidira fotoana ampy hanaovana fijoroana ho vavolombelona momba ny vavaka voavaly, ny fampianarana / fitoriana ara-Baiboly ary ny hira. Tariho ny fiangonana amin'ny fotoam-bavaka mba hahafahan'ireo izay tsy afaka nanatrika ireo fivoriana isan'andro mba hanao fanandramana ny amin’ny fifaliana mivavaka

miaraka amin'ny hafa. Jereo azafady ny fizarana momba ny Fankalazana ny Sabata hahitana hevitra misimisy kokoa.

**Fanaraha-maso ny tohin'ny Folo Androm-bavaka**

Mivavaha ny amin'ny fomba tian'Andriamanitra hanohizan'ny fiangonana/vondrona misy anareo ny zavatra natombony nandritra ny Folo Androm-bavaka. Angamba hanohy amin'ny fiaraha-mivavaka isan-kerinandro ianareo. Na angamba tian'Andriamanitra hanangana asa fanompoana vaovao ao amin'ny fiangonanareo ianareo na asa fitoriana eo amin'ny fiara-monina. Aoka hisokatra hanaraka izay itarihan'Andriamanitra anareo. Azo antoka fa ho gaga ianareo rehefa mandeha miaraka Aminy. Ilay tahiry antsoina hoe Fanamby ho an'ny Asa Fitoriana dia ahitana hevitra maro momba ny asa fanompoana.

**Fijoroana hoVavolombelona**

Aoka mba ho zaraina/tantaraina ny fomba fiasan'Andriamanitra nandritra ny Folo Androm-bavaka! Hampahery ny maro hafa ny fitantaranao izany. Ireo fijoroana ho vavolombelona dia azo alefa any amin'ny stories@ministerialassociation.org na alefa amin'ny aterneto www.tendaysofprayer.org.

## IREO ZAVATRA MANEHO NY FIOMBONAM-BAVAKA

**Mifanaiky (mifanaraka)**

Rehefa misy olona manonona antom-bavaka iray amin'Andriamanitra, dia aoka ho azo antoka fa misy olona hafa koa manao io fangatahana io ary mifanaiky (mifanaraka) ny amin'izany – tena manan-kery izany! Aza mihevitra fa satria nisy olona iray nanonona ilay antom-bavaka dia tsy mila olon-kafa hanonona izany intsony. "Ary lazaiko aminareo koa : Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany » (Matio 18 :19). Tena mampahery tokoa izany misandratra amin'ny vavaka izany !

**Mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra**

Entano ny vondrona mba hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra rehefa mivavaka. Mora ny mifantoka amin'ny olana mahazo antsika. Fa rehefa mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra isika dia mampitombo ny finoantsika ary mampahatsiahy ny tenantsika fa tsy misy zavatra tsy hain'Andriamanitra atao. Ny teny fikasana dia manampy antsika hanaisotra ny fijerintsika eo amin'ny fahalementsika sy ny zava-tsarotra fa hametraka izany eo amin'i Jesosy. Ho an'ny fahalemena tsirairay sy ny ady sarotra tsirairay, dia afaka mahita teny fikasana ao amin'ny Baiboly ho takiana isika. Ampirisiho ny olona hitady teny fikasana bebe kokoa ary handray an-tsoratra azy ireny mba hahazoany mitaky izany amin'ny ho avy.

**Fifadian-kanina**

Asao ireo izay miaraka aminareo amin'ny Folo Androm-bavaka mba hihevitra karazana fifadiana, toy ny fifadiana fahita lavitra, hiran'izao tontolo izao, horonan-tsarimihetsika, aterneto, vatomamy, na karazan-tsakafo saro-devonina. Manokàna fotoana fanampiny mba hivavahana sy hianarana ny tenin'Andriamanitra, mangataka an'Andriamanitra mba hanampy anao sy ny fiangonanao mba hitoetra bebe kokoa amin'ny fahafenoany ao amin'i Kristy.

Amin'ny fihinanana sakafo tsotra dia mamela ny saintsika ho mora mandre ny feon'ny Fanahy Masina isika.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa manao vavaka fangatahana ny Fanahy Masina mba haneho aminareo izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika.

« Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristy isika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe : « Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina » (Romana 8 :26). Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, « mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika » (Efesiana 3 :20) – HF, 120

**Fanaovana diarim-bavaka**

Ny fanaovana diarim-bavaka mandritra ny Folo Androm-bavaka dia afaka hanampy ny mpandray anjara hitahiry ny loha-hevitry ny vavaka isan'andro, hanao fanoloran-tena feno ho an'Andriamanitra, ary hamantatra sy hanaiky ireo fitahiany. Ny fanoratana ny vavaka ataontsika sy ny fitanana an-tsoratra ny valim-bavaka avy amin'Andriamanitra dia làlana azo antoka ho amin'ny faherezana.

Raha sitrakareo, dia afaka manome fotoana mandritra ny fivoriam-bavaka hianareo mba hanoratan'ny olona izay valiny hasetriny an'Andriamanitra ao amin'ny diarim-bavaka manokana. Na azonareo atao koa ny manao diary ho an'ny vondrona (na tarika) ho an'ny antom-bavaka sy ny valiny – ao anaty kariné, amin'ny taratasy lehibe apetaka amin'ny rindrina, na amin'ny mailaka. Mampientanentana sy manamafy orina ny finoana ny manao jery todika an'ireo fomba namalian'Andriamanitra ny fivavahantsika!

**Fiankohofana**

Mampirisiha sy manomeza ohatry ny fomba fiankohofana. Manatona ny efitra misy ny seza fiandrianan'ny Mpanjakan'izao rehetra izao isika. Aoka tsy hohamaivanina amin'ny alalan'ny fihetsika na fomba amam-panao izany. Kanefa tsy dia ilaina ny handohalehana foana. Tianareo mba hahazo aina ny olona mandritra ny ora iray, koa entano ny tsirairay handohalika, na hipetraka na hitsangana araka ny fitarihan'ny Tompo azy sy izay mahametimety azy.

**Fehezan-teny ampiasaina amin'ny vavaka**

Aoka ho fohy ny vavaka sady mivantana. Izany dia manome fotoana ny hafa mba hivavaka ihany koa. Mahafinaritra ny fotoam-pahanginana. Ezaho mba ho ferana ho fehezan-teny vitsivitsy ny vavaka ataonareo. Afaka miverina imbetsaka manonona vavaka ny tsirairay. Ny fehezan-teny fohy dia mahatonga ny fotoam-bavaka hahaliana, koa avelao ny Fanahy Masina hitarika ny vondrona ny amin'ny fomba hivavahan'izy ireo. Tsy dia ilaina ny hanombohana na hamarana ny vavaka fohy amin'ny alalan'ny teny hoe « Andriamanitra tsara indrindra » sy ny « Amen ». Resaka mitohy atao amin' Andriamanitra izany.

**Fahanginana**

Amin'ny maha-mpitarika anao dia aoka tsy hiezaka hanjakazaka eo amin'ny fitantanana ny fotoam-bavaka. Ny zavatra kendrena dia ny mba hahatonga ny rehetra handray anjara amin'ny vavaka. Mahafinaritra ny fahanginana satria manome an'Andriamanita fotoana hitenenana amin'ny fo. Avelao ny Fanahy Masina hiasa ary hanome ho an'ny tsirairay fotoana hivavahana.

**Hira**

Ny hira miainga avy hatrany ataon'ny vondrona, eny anelanelan'ny vavaka, dia mandravaka sy manampy fahatsarana ny fivoriam-bavaka. Misy soso-kevitra momba ny lisitry ny hira aorian'ny loha-hevitra tsirairay. Aza mihevitra hoe tsy maintsy hampiasa ireo hira rehetra ireo ianareo – soso-kevitra fotsiny ihany ireo. Ny hira dia fomba tsara anankiray koa hifindrana ho amin'ny fizarana hafa amin'ny fotoam-bavaka.

**Fandraisana ireo antom-bavaka**

Aza manontany antom-bavaka avy amin'ny vondrona misy anao. Fa ilazao kosa ny olona hanao ny fangatahany ary ampirisiho ny hafa hiombona amin'izany. Ny antony dia noho ny fotoana ! Ny firesahana momba ireny antom-bavaka ireny dia mandany ny ankamaroan'ny fotoam-bavaka. Mibitaka ery Satana raha afaka mihazona antsika hiresaka momba ny olana fa tsy hivavaka ho an'ny olana. Misy vondrona mambra afaka manoro hevitra sy manoso-kevitra hanome vaha-olana. Ny hery dia avy amin'Andriamanitra ! Arakaraka ny ivavahantsika no anomezana antsika ny heriny.

**Ny Fotoananao isan'andro**

Tena zava-dehibe tokoa io ! Aoka ho azo antoka fa amin'ny maha-mpitarika anao dia mandany fotoana manokana isan'andro eo an-tongotr'i Jeosy hianao, miresaka Aminy sy mamaky ny teniny. Raha ataonao ho laharam-pahamehana ho anao ny fahalalana an' Andriamanitra dia hanokatra fanandramana mahafinaritra ho anao izany. « Avy tao amin'ny toeram-pivavahana mangina no nihavian'ny hery izay nanozongozona izao tontolo izao tamin'ny andron'ny Reformasiona Lehibe. Tamin'ireny toerana ireny, tamin'ny fahatoniana masina, no nametrahan'ny mpanompon'i Jehovah ny tongony tambonin'ny vatolampin'ny teny fikasany. » - HM, 214. Rehefa mivavaka ny mpitarika dia miasa ao amin'ny fo Andriamanitra !

# FAMPIDIRANA

Tonga soa eto amin'ny Folo Androm-bavaka 2021! Mino isika fa ny vavaka no fototra nahaterahan'ny fifohazana. Andriamanitra dia naneho fahagagana be dia be nandritra ireo taona maro lasa raha niara-nitady Azy tamin'ny vavaka sy ny fifadian-kanina isika. Ny Fanahy Masina dia nitondra fiovam-po, firehetana vaovao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara, fifohazan'ny fiangonana ary fahasitranan'ny fifandraisana. Ireto misy fijoroana ho vavolombelona vitsivitsy tamin'ny taona lasa:

> Nandritra ny Folo Androm-bavaka dia nanana antom-bavaka roa aho: 1) ho an'ny zanako vavy mba ho afaka amin'ny fanandevozan'ny fiankinan-doha amin'ny zava-mahadomelina ary 2) ho an'ny vadiko mba hanatona ny Tompo. [Ny taona manaraka] dia nidera an'Andriamanitra aho noho ny nahazoan'ny zanako vavy nilaza fa efa valo volana izy izao no afaka tamin'ny methamphetamine, tsy mirenireny tsy manan-kialofana intsony, fa efa miasa amin'ny ora feno. Ny vadiko kosa dia niverina natao batisa indray ary nanatrika ny Folo Androm-bavaka niaraka amiko tamin'ity taona ity. Ho an'Andriamanitra Raintsika amin'ny alalan'i Jesosy Kristy ny dera sy ny saotra rehetra. (N.H.)

> Amin'ny maha fiangonana anay dia nanomboka nivavaka hilatsahan'ny orana izahay satria ny firenenay dia niatrika haintany. Nampitebiteby tokoa izany ary efa nikorontan-tsaina ny rehetra, fa te hisaotra an'Andriamanitra aho satria rehefa afaka telo andro dia novaliany ny vavakay. Ankehitriny dia avy isan'andro ny orana. (L.M.)

Tamin'ny alalan'ny vavaka dia sitrana ny marary, nikambana indray ireo mpianakavy nisaratsaraka, nisy ny fanantenana na teo aza ny fahafatesan'ny olon-tiana, ary ny olona dia nanolotra indray ny fiainany tamin'Andriamanitra. Manompo Andriamanitra velona isika! Tsy andrintsika ny hahita izay efa notehiriziny ho antsika amin'ity taona ity. (Dereck)

Efa niantso anao ho amin'ny fifohazana ve ny feon'Andriamanitra? Ny Baiboly dia feno teny fikasana ho anao:

> "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny." (2 Tantara 7:14).

> "Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra" (Jeremia 29:13).

> "Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo dia hovonjena" (Joela 3:5).

> "Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy" (Jak. 4: 8).

> "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona. Raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko" (Apôk. 3:20).

Na aiza na aiza no misy anao ankehitriny, dia akaiky kokoa anao noho ny fiheveranao azy Andriamanitra. Te handrotsaka ny fitahiany amin'ny fianakavianao, ny fiangonanao, ny fiaraha-monina misy anao ary ny tontolo iainanao Izy.

**Loha-hevitry ny Vavaka hataontsika: Mikatsaka Fifohazana**

Amin'ity taona ity dia manasa anao izahay hikatsaka fifohazana amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina mandritra ny Folo Androm-bavaka. Rehefa mivavaka ianao dia takio ho anao ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'i Zerobabela manao hoe: "‘ Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro ”(Zakaria 4: 6). Raha lazaina amin'ny teny hafa, “Na inona na inona kasainao dia tsy hahomby amin'ny alalan'ny herin'ny tafika na ny herin'olombelona; fa ny Fanahiko no hahatanteraka izany! Izaho, Tompo Andriamanitra Tsitoha, no mampanantena izany” (nadikan'i Helmut Haubeil avy tamin'ny German Hoffnung fuer Alle version).

Andriamanitra dia te hanao zavatra tsy mampino eo amin'ny fiainantsika sy ny fiangonana ankehitriny. Ny drafitra ataony dia mihoatra lavitra noho ny fahafaha-manaontsika manokana, ary amin'ny alalan'ny fifandraisana am-bavaka tsy tapaka Aminy ihany no ahazoantsika manatanteraka ny asa nomaninyhataontsika. Manasa antsika Izy manao hoe: “Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao. ” (Jeremia 33: 3).

Andeha hiaraka aminay hivavaka ho an'ny fifohazana sy ny firotsahan'ny Fanahy Masina nampanantenaina. Katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra, dia jereo ny fanokafany ny varavaran'ny lanitra!

**Soso-kevitra momba ny Fotoam-bavaka**

• Ataovy fohy ny vavakao – fehezan-teny iray na roa fotsiny amin'ny loha-hevitra iray. Dia avelao ny hafa handray anjara. Afaka miverina mivavaka imbetsaka araka izay tianao ianao, toy ny miresaka amin'ny resadresaka ifanaovana.

• Aza matahotra ny fahanginana, satria manome fotoana ho an'ny tsirairay hihainoana ny Fanahy Masina izany.

• Fitahiana lehibe koa ny fiarahana mihira araka ny fitarihan'ny Fanahy. Tsy mila zava-maneno amin'izany; tsara ny anaovana azy amin'izao fotsiny.

• Aza mandany ny ora sarobidin'ny fotoam-bavaka amin'ny firesahanao momba ireo antom-bavakao, fa mivavaha fotsiny ho an'izy ireo. Rehefa izany ny hafa dia afaka mivavaka ihany koa ho an'ny antom-bavakao ary mitaky ny teny fikasana ho anao.

**Mitaky ny teny fikasana**

Tombon-tsoa ho antsika ny mitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny vavaka ataontsika. Ny baikony sy ny toroheviny rehetra dia teny fikasana ihany koa. Tsy hitaky na inona na inona amintsika izay tsy azontsika atao amin'ny alalan'ny heriny mihitsy Izy.

Mora tokoa ny mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika, ny olana mahazo antsika, ny fihaikana atrehintsika - ary hitomany sy hisento noho ny toe-javatra misy antsika rehefa mivavaka isika.

Tsy izany anefa no tanjon'ny vavaka. Ny vavaka dia natao hanamafisana ny finoantsika. Izany no mahatonga anay hampirisika anao hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra amin'ny fotoana ivavahanao. Esory ny masonao tsy hifantoka amin'ny tenanao sy ny fahalemenao fa mijere an'i Jesosy. Rehefa mibanjina Azy isika dia ovàna hitovy endrika Aminy.

Manolotra izao fampaherezana izao i Ellen White: "Ny teny fikasana rehetra ao amin'ny tenin' Andriamanitra dia natao ho antsika. Ao amin'ny vavaka ataonao, dia asehoy ilay tenin'i Jehovah izay nampanantenainy, koa amin'ny finoana dia angataho ny teny fikasany. Ny teny nambarany no antoka fa raha mangataka amim-pinoana ianao dia handray ny fitahiana ara-panahy rehetra. Manohiza mangataka hatrany, dia hahazo be dia be mihoatra noho izay angatahinao ianao na eritreretinao ianao " (In Heavenly Places, p. 71).

Amin'ny fomba ahoana no ahazoanao mitaky ny teny fikasany? Ohatra, rehefa mivavaka ho an'ny fiadanana dia azonao atao ny mitaky ny Jaona 14:27 ka manao hoe: "Tompo o! Nilaza taminay Ianao ao amin' ny Teninao manao hoe: 'Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo; tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo'. Koa omeo izany fiadanana nampanantenainao havela ho anay izany aho". Misaora ny Tompo fa manome anao fiadanana Izy,na dia mbola tsy tsapanao avy hatrany aza izany.

**Fifadian-kanina**

Mampirisika anao izahay hanao ny fifadian-kanin'i Daniela mandritra ireo folo andro ireo. Ny manomboka ny taona amin'ny vavaka sy fifadian-kanina dia fomba mahagaga hanokanana ny fiainantsika ho an'Andriamanitra amin'ity taona mitsidika ity. Izao no nambaran'I Ellen White : "Ankehitriny sy amin'ny fotoana manaraka mandra-pahatapitra ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho hentitra kokoa, hifoha kokoa, tsy miankina amin'ny fahendren'ny tenany fa amin'ny fahendren'ny Tompontsika. Tokony hanokana fotoana hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy voatery hifady sakafo tanteraka izy ireo, fa kosa tokony hihinana kely amin'ny sakafo faran'izay tsotra indrindra" (Counsels on Diet and Foods, pp. 188, 189).

Fantatsika ny momba an'i Daniela, izay nihinana voankazo sy legioma nandritra ny folo andro. Mampirisika anao koa izahay mba hanaraka fomba fisakafo tena tsotra mandritra ireo folo andro ireo. Raha te-hanana saina mazava kokoa amin'ny fihainoana ny feon' Andriamanitra isika, ary raha te-hanakaiky Azy kokoa isika, dia ilaintsika ho azo antoka fa tsy hanelingelina na hanakana antsika amin'izany ny sakafo hanintsika.

Ny fifadian-kanina dia tsy resaka tsy fihinanana sakafo fotsiny Mampirisika anareo koa izahay mba hifady fahita lavitra, sarimihetsika, kilalao samihafa , eny fa na dia Facebook sy YouTube aza. Indraindray ny zavatra izay tsy dia hoe ratsy amin'ny maha-izy azy dia mandany fotoana be ho antsika. Aoka hajanona izay zavatra rehetra azo ajanona mba hahazoantsika hanokana fotoana bebe kokoa ho an'Andriamanitra.

Ny fifadian-kanina akory dia tsy fomba haingana hahazoana fahagagana avy amin' Andriamanitra. Ny fifadian-kanina dia fanetrena ny tenantsika mba hahazoan'Andriamanitra miasa ao amintsika sy amin'ny alalantsika. Andeha hanatona Azy bebe kokoa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia hanatona antsika Izy.

**Ny Fanahy Masina**

Aoka ho azo antoka fa manao vavaka fangatahana ny Fanahy Masina mba haneho aminareo izay zavatra hangatahina ho an'ny fiainan'ny olona iray na ny toe-javatra iray manokana andalovany. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy fantatsika akory izay angatahintsika fa ny Fanahy Masina no mifona ho antsika.

« Tsy hoe tsy maintsy mivavaka fotsiny amin'ny anaran'i Kristyisika, fa amin'ny fibitsihan'ny Fanahy Masina koa. Izany dia manazava ny dikan'izay voalaza hoe : « Ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina » (Romana 8 :26). Mahafaly an'Andriamanitra ny mamaly fivavahana toy izany. Rehefa manonona vavaka amin'ny anaran'i Kristy amin-kafanam-po sy amin-kery isika, dia ao amin'io hery io indrindra no misy antoka avy amin'Andriamanitra fa hamaly ny fivavahantsika Izy, « mihoatra lavitra noho izay angatahintsika na heverintsika » (Efesiana 3 :20) – HF, 120

**Finoana**

Hitantsika ao amin'ny Fanahin'ny Faminaniana fa " ny fivavahana sy ny finoana dia hanome hery hahavita ho an'izay malemy sy tsy manan-kery" (TMF, p. 431). Lazaina antsika koa fa "ny fanomezana rehetra nampanantenainy dia tokony angatahintsika; rehefa izany dia tokony hino isika fa nandray ary hisaotra an'Andriamanitra fa efa nandray" (Education, p. 258). Koa aoka hatao fahazarana ny misaotra an'Andriamanitra mialoha amin'ny alalan'ny finoana ny amin'izay hataony sy ny fomba hamaliany ny fivavahantsika.

**Vavaka ho an'ny hafa**

Mandritra ireo folo andro ireo dia mampirisika anao izahay mba hivavaka tsy tapaka ho an'ny olona napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Mifidiana olona dimy hatramin'ny fito – mety ho Havana izy ireo, namana, mpiara-miasa na mpiara-mianatra, mpifanolo-bodirindrina na olom-pantatra tsotra fotsiny. Manokàna fotoana hanontany an'Andriamanitra ny amin'ny olona tiany ho entinao am-bavaka. Mangataha Aminy mba hitondranao enta-mavesatra tokoa ho an'ireo olona ireo. Soraty amin'ny taratasy kely ny anaran'izy ireo ary tehirizo amin'ny toerana manokana, toy ny hoe ao anaty Baiboly. Ho gaga ianao ny amin'ny fomba fiasan' Andriamanitra hamaliana ny vavakao!

**Fihaikan'ny Asa Fitoriana ho an' ny Folo Androm-bavaka**

Jesosy dia tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny fa hanompo ihany koa eo amin'izay ilain'ny olona manodidina antsika. "Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nagetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nana-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo" (Matio 25: 35, 36).

Toy izao no vakintsika ao amin'ny boky Tanamasoandron'ny Fahasalamana: "Tsy maintsy mivelona amin'ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainam-pisainana sy ny fiainan'ny asa, fiainan'ny fivavahana mangina sy fiainan'ny asa mafana" (p. 433). Nandray fitiavana be dia be tamin'ny Mpamonjintsika isika, ary manana tonbon-tsoahizara izany fitiavana izany amin'ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao hanao asa fanompoana aorian'ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivilivily ny fisainana tsy hanatanterahana vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. "Ny ezaka ataon'ny tena manokana ho an'ny hafa dia tokony hialohavan' ny vavaka mafana mangina; satria mitaky fahendrena lehibe ny fahatakarana ny siansan'ny famonjena fanahy. Mialoha ny hifandraisana amin'ny olona, dia mifandraisa amin'i Kristy. Avy amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavan'ny lanitra dia aoka handray ny fiomanana ho amin'ny fanompoana ny olona" (Prayer, p. 313)

Ao amin'ny tahirin-kevitra amin'ny aterneto momba ny Folo Androm-bavaka dia ahitana hevitra maro momba ny asa fitoriana. Manasa anao Jesosy mba ho tànany sy tongony handeha ho any amin'izao tontoloizao hiasa ho an'izay mila fanampiana!

Principal contributor for daily prayer guides: Helmut Haubeil

Materials prepared by Ministerial Association, General Conference of Seventh-day Adventists.

Unless otherwise noted, Scripture verses are quoted from The New King James Version, copyright © 1979, 1980, 1982, Thomas Nelson, Inc., Publishers.

Scripture quotations marked NIV are from the HOLY BIBLE, NEW INTERNATIONAL VERSION®. Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc. Used by permission. All rights reserved worldwide.

Scriptures marked NIrV are taken from the HOLY BIBLE, New International Reader's Version®. Copyright © 1996, 1998, 2014 by Biblica, Inc. Used by permission. All rights reserved worldwide.

Scripture quotations marked ESV are from The Holy Bible, English Standard Version® (ESV®), copyright © 2001 by Crossway, a publishing ministry of Good News Publishers. Used by permission. All rights reserved

**Tahirin-kevitra fanampiny ho an'ny Fifohazana**

I Helmut Haubeil no mpamolavola voalohany indrindra ny tari-dàlana momba ny fiaraha-mivavaka 2021. Rehefa niasa nandritra ny taona maro teo amin'ny sehatry ny fandraharahana izy, dia namaly ny antson'Andriamanitra hanao asa fanompoana teo amin'ny faha-37taonany. Niasa tamin'ny naha-talen'ny akany advantista anankiray fitaizana be antitra tao Alemaina izy, nanonta gazety boky, ary nitarika asan'ny misiona tany Azia Afovoany sy Inda. Tato anatin'ny taona vitsivitsy dia nanentana mpino manerana izao tontolo izao izy tamin'ny alalan'ny seminera sy boky, anisan'izany ny Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana izay efa voadika amin'ny fiteny maro.

I Helmut Haubeil dia manasa ny mpamaky azy mba haka maimaim-poana io boky io ao amin'ny tranon-kala https://steps-to-personal-revival.info (misy amin'ny fiteny 40 mahery sady boky azo henoina). Misy boky fnampiny toy ny Abide in Jesus (Mitoera ao amin'i Kristy) sy ny Spirit-filled Coworkers of Jesus (Mpiara-miasa amin'i Kristy Feno ny Fanahy) - (hivoaka tsy ho ela).

Ny mpandray anjara amin'ny Folo Androm-bavaka dia mety maniry hamaky ireto toko manaraka ireto ho fanampin'ny tari-dàlana momba ny vavaka isan'andro :

**Andro 1**

Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana, Toko 1, « Jesosy Ilay Fanomezana Sarobidy Indrindra »

**Andro 2**

Mpiara-miasa amin'i Kristy Feno ny Fanahy, Toko 1, « Tia Anao Andriamanitra »

**Andro 3**

Mitoera ao amin'i Kristy, Toko 2, « Manolora tena ho an'i Jesosy »

**Andro 4**

Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana, Toko 2, « Inona no Votoatin'ny Olantsika ? »

**Andro 5**

Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana, Toko 2, « Inona no Votoatin'ny Olantsika ? »

**Andro 6**

Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana, Toko 3, « Azo Vahana Ve ny Olantsika – Amin'ny Fomba Ahoana ? »

**Andro 7**

Dingana ho amin'ny Fifohazana Ataon'ny Tena Manokana, Toko 5, « Ny Fanalahidin'ny Fanandramana Ivelomana »

**Andro 8**

Mitoera ao amin'i Kristy, Toko 4, « Fankatoavana amin'ny alalan'i Jesosy »

**Andro 9**

Mpiara-miasa amin'i Jesosy Feno ny Fanahy, Toko 3, « Iza no Miasa : Andriamanitra amin'ny alalako sa Izaho amin'ny alalan'Andriamanitra ? »

**Andro 10**

Mpiara-miasa amin'i Jesosy Feno ny Fanahy, Toko 10, « Dingana Telon'ny Fanombohana Indray Ara-panahy amin'ny maha-Misionera »

## ALIM-BAVAKA

Hevero ny hanaovana fiaraha-mivavaka mandritra ny alina ho toy ny ampahany amin'ny Folo Androm-bavavaka. Ohatra, afaka manomboka amin'ny 6 ora hariva ianao ary mamarana amin'ny 6 ora maraina. Mifidiana fandaharam-potoana izay mety amin'ny vondrona misy anao.

**Nahoana no nasiana Alim-bavaka**?

Tsy misy maha-"masina" manokana ny miari-tory sy mivavaka mandritra ny alina. Na izany aza, ny alina no mety ho hany fotoana tsy maha-sahirana na maha-maika ny olona. Mino izahay fa ny tanjonao dia tsy hoe akory ny hiari-tory fotsiny mandritra ny alina tontolo fa ny hivavaka maharitra araka izay ilaina ary mandra-pahavitan'ny fivavahana ataonao ho an'ny zavatra rehetra dia mahatsapa ianao fa tian'Andriamanitra hivavaka.

Manoso-kevitra izahay mba ho olona maromaro no mitarika mandritra ny alina. Aoka ho azo antoka fa misy fialana sasatra kely. Amin'ny maha-mpitarika anao dia afaka mahatsapa ny rivo-piainana ianao ary mahafantatra raha ilaina ny fiatoana kely sy rehefa mila miroso amin'ny fizaram-bavaka manaraka. Azonao atao koa ny mampiditra famakiana andalan-tSoratra Masina ao anatin'ny fotoam-bavaka. Azonao atao ny manao ireo loha-hevitra rehetra arak any soso-kevitra omena na ny sasany amin'izy ireo ihany, miankina amin'izay mety indrindra amin'ny vondrona misy anao. Aza misalasala manova ny filaharany.

**Ny Mety ho Endriky ny Alim-bavaka**

**Manomboka amin'ny fotoam-piderana**. Midera an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka ary koa amin'ny hira.

**Manokana fotoana ho an'ny fiaiken-keloka sy fibebahana**, mba ho azo antoka fa tsy misy zavatra manakana an 'Andriamanitra tsy hihaino. Omeo fotoana ny olona hanaovana fiaiken-keloka manokana ary aoka hisy fotoana hanaovana fiaiken-keloka iombonana. Ampirisiho ny olona hiaiky mangina ireo heloka manokana ary hiaiky ampahibemaso kosa ireo heloka fanta-bahoaka ihany. Ao amin'ny Daniela 9: 1-19 dia hitantsika ny momba an'i Daniela izay nanelanelana sy niaiky ampahibemaso ny fahotan'ny olon'Andriamanitra.

**Mivavaka ho an'ny filàn'ny olona ao amin'ny fivoriam-bavaka**. Maro ny olona no maratra am-po na mila vavaka, na mahafantatra olon-kafa izay mila vavaka mafy. Manaova faribolana, asio seza eo afovoany ary iangavio ireo izay manana antom-bavaka manokana hanatona tsirairay ary hilaza ny fangatahan'izy ireo. Rehefa izany dia aoka hanodidina an'ilay olona ary miangavia olona roa na telo hivavaka ho an'ny filàna manokan'ilay olona sy hitaky ny teny fikasan'Andriamanitra.

**Zaraina antoko roa ny vondrona**. Aoka ny vehivavy hivavaka ao amin'ny efitrano iray (miaraka amin'ny mpitarika vavy iray ) ary ny lehilahy ao amin'ny efitrano hafa (miaraka amin'ny mpitarika lahy iray). Maro ireo filàna manokana izay tsy azo ary tsy tokony ho zaraina amin'ny rehetra. Mora kokoa ny mizara izany amin'ireo mitovy sokajy aminao.

Rehefa miverina miaraka indray, dia **mivavaka ho an'ny filàn'ny fiarahamonina sy ny fiangonana misy anareo**. Manokàna fotoana ihany koa ho an'ny **antom-bavaky ny**

**fiangonana manerantany** (voatanisa amin’ny pejy manokana ao amin'ny tahiry momba ny Folo Androm-bavaka). Aza mihevitra fa tsy maintsy ihazakazahana hatao avokoa ny lisitra manontolo. Azonao atao ny mizara ho vondrona kely maromaro ary iangavio ny vondrona tsirairay hivavaka ho an'ny ampahany amin'ilay lisitra.

**Mivavaka ho an'ireo olona dimy ka hatramin'ny fito** izay efa nentina am-bavaka nandritra izay folo andro izay.

**Misafidy andalan-tSoratra Masina iray ary mivavaka araka izany**.

**Mamarana ny fotoam-bavaka amin'ny fiderana sy fisaorana**

## FIHAIKAN'NY ASA FITORIANA

## HO AN’ NY FOLO ANDROM-BAVAKA

Jesosy dia tsy miantso antsika mba hivavaka fotsiny fa hanompo ihany koa eo amin’izay ilain’ny olona manodidina antsika. “Fa noana Aho dia nomenareo hanina; nagetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho dia nampiantranoinareo; tsy nana-kitafy Aho dia notafianareo; narary Aho dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho dia novangianareo” (Matio 25: 35, 36).

Toy izao no vakintsika ao amin’ny boky Tanamasoandron’ny Fahasalamana: “Tsy maintsy mivelona amin’ny fiainana roa sosona isika: dia ny fiainam-pisainana sy ny fiainan’ny asa, fiainan’ny fivavahana mangina sy fiainan’ny asa mafana” (p. 433). Nandray fitiavana be dia be tamin’ny Mpamonjintsika isika, ary manana tonbon-tsoahizara izany fitiavana izany amin’ny namantsika, ny mpifanolo-bodirindrina amintsika, na ny vahiny mila fanampiana.

Angataho Andriamanitra hampahafantatra ny fomba hahazoanao sy ny fiangonanao hanao asa fanompoana aorian’ny Folo Androm-bavaka. Rehefa miasa mandamina asa fanompoana ianao dia aoka tsy hampivilivily ny fisainana tsy hanatanterahana vavaka ny fanaovana izany fandaminana izany. “Ny ezaka ataon’ny tena manokana ho an’ny hafa dia tokony hialohavan’ ny vavaka mafana mangina; satria mitaky fahendrena lehibe ny fahatakarana ny siansan’ny famonjena fanahy. Mialoha ny hifandraisana amin’ny olona, dia mifandraisa amin’i Kristy. Avy amin’ny seza fiandrianan’ny fahasoavan’ny lanitra dia aoka handray ny fiomanana ho amin’ny fanompoana ny olona” (Prayer, p. 313)

Ireto misy fomba vitsivitsy azo hanampiana ny hafa. Safidio izay mifanaraka amin'ny filàn'ny fiarahamonina misy anao ary aza misalasala manampy ny hevitrao manokana.

- Mahandro sakafo ho an'ny olona iray marary.
- Manasa mpifanolo-bodirindrina / mpiara-miasa hamonjy fivoriana ara-tsosialy.
- Manome sakafo ho an’ny olona iray tsy manan-kialofana.
- Manome fitafiana izay tianao homena anao.
- "Mikarakara" olona antitra iray. Mitsidika matetika an’ilay olona ary manampy amin'ny raharaha ao an-tranony, ny fiantsenana, ny fandrahoana ny sakafony na ny fikarakarana ny zaridainany.
- Manao mofo ary mizara izany amin'ny mpifanila-bodirindrina aminao.
- Manampy amin'ny famolavolana tetik'asan’ny fiaraha-monina.
- Manolo-tena hiandry marary na olona sembana mba hahafahan'ny mpikarakara azy manao raharaha hafa.
- Mandray anjara amin'ny tetik'asa atao eo amin’ny manodidina.
- Mampahafantatra ny tenanao amin'ny mpifanila-bodirindrina vaovao amin'ny fitondrana sakafo ho azy ireo. Manao izay hahatsapan'izy ireo fa raisina tsara ao amin'ny fiaraha-monina izy.

• Mividy sakafo ary manatitra izany ho an’ny fianakaviana sahirana iray.

• Manome solomaso izay tsy ampiasainao intsony.

• Manolotra fampianarana Baiboly.

• Mitsidika olona any amin'ny trano fitaizana be antitra.

• Manome vola "sakafo" ho an’ny mpianatra anankiray.

• Manangona fitafiana ho an'ny sahirana. Azonao atao ny manomboka manisy lalimoara hanangonana fitafiana ao amin'ny fiangonanao ho zaraina amin'ny hafa.

• Manome ny ordinateur-nao tranainy na fitaovana elektronika hafa.

• Manome ny fiaranao tranainy tsy ampiasainao intsony.

• Mikarakara “Expo Santé.”

• Mandefa karatra misy teny fampaherezana ho an’ny olona tsy afaka mivoaka ny trano.

• Mandamina andiana asa fitoriana evanjelika.

• Miantso an-tariby ny mpifanila-bodirindrina ary manontany ny fahasalamany.

• Manome boky izay heverinao fa tian’ny olona iray.

• Mizara trakta « GLOW » (azo jerena ao amin’ny: www.glowonline.org/glow).

• Manasa olona hanaiky an'i Jesosy.

• Manokatra sekoly fandrahoan-tsakafo.

• Mizara boky momba ny lohahevitra ara-Baiboly.

• Mitondra sakafo ho an'ny olona iray namoy havan-tiana.

• Mitsidika olona any amin'ny hopitaly ary mampirisika na manampy azy amin'ny fomba sasany.

• Mamaky teny ho an’ny olona efa antitra.

• Mitsidika akany fitaizana ankizy madinika ary mitondra fanampiana ho an’ny mpiasa ao.

• Manokatra vondrona manao zaitra / bà / crochet hanaovana akanjo ho zaraina.

• Mamaky ny Baiboly ho an'ny olona tsy mahita na tsy afaka mamaky teny.

• Mampiantrano andiana tanora indray alina ao an-tranonao.

• Milatsaka an-tsitrapo hanao asa ao amin'ny toeram-pialofana ho an'ireo olona iharan'ny herisetra.

• Manome boky ho an'ny akany fitaizana ankizy madinika na toeram-pialofana.

• Mitondra ny ankizy avy amin'ny fiangonanao hitsidika akany fitaizana be antitra. Manomana programa ho azy ireo.

• Manomana sy mampiantrano fotoam-pifaliana ho an’ny ankizy mila fanampiana manokana sy ny fianakaviany.

• Manokana andro fanadiovana eo amin'ny fiaraha-monina.

• Manomboka klioba ho an’ny fiainana salama ao amin'ny fiangonana misy anao ary manasa namana sy mpiara-monina.

• Manasa olona hijery DVD misy hafatra ara-panahy. Rehefa miara-mijery ianareo dia miaraha-mivavaka mba hiteny am-pon'ny olona ny Fanahy Masina.

• Mamolavola ny tetikasanao manokana.

Raha mila loharanom-pahalalana bebe kokoa momba ny fijoroana ho vavolombelona dia , dia tsidiho ny www.revivalandreformation.org/resources/witnessing.

## IREO TENY FIKASANA HO TAKIANA AMIN'NY VAVAKA

### Teny Fikasana Momba Ny Fanahy Masina

"Mangataha ranonorana amin'i hJehovah ianareo amin'ny andro fara-orana, dia amin'i Jehovah Izay nanao ny helatra; ranonorana mivatravatra no homeny azy, eny samy homeny ny zava-maitso any an-tsaha ireny. " Zak. 10: 1

"Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy! " Lioka 11:13

"Fa ny Mpananatra, dia ny Fanahy Masina, Izay hirahin'ny Ray amin'ny anarako, Izy no hampianatra anareo ny zavatra rehetra sy hampahatsiaro anareo ny zavatra rehetra izay nolazaiko taminareo. . . . Ary raha tonga Izy, dia hampiaiky izao tontolo izao ny fahotana sy ny fahamarinana ary ny fitsarana. " Jaona 14:26; 16: 8

« Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa; ary hanao asa lehibe noho izany aza izy, satria Izaho mankany amin'ny Ray. Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny anarako ianareo dia hataoko izany." Jaona 14: 12-14

"Dia namaly izy ka nanao tamiko hoe: Izao no tenin'i Jehovah amin'i Zerobabela:« Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompon'ny maro. " Zak. 4: 6

### Teny Fikasana Fa Mamaly Vavaka Andriamanitra

"Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany." Jaona 15: 7

"Koa aoka isika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahasahiana, mba hahazoantsika famindram-po sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'izay andro mahory. " Heb. 4:16

"Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany. " Marka 11:24

« Antsoy aho amin'ny andro fahoriana; dia hamonjy anao Aho, ka hanome voninahitra Ahy ianao. Sal. 50:15

« Ary lazaiko aminareo koa: Raha misy roa aminareo mifanaiky ety ambonin'ny tany na amin'inona na amin'inona ka hangataka izany, dia ho azony avy amin'ny Raiko Izay any an-danitra izany" Mat. 18:19

"Ary na inona na inona angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo." Mat. 21:22

« Ary na inona na inona no hangatahinareo amin'ny anarako, dia hataoko izany, mba hankalazana ny Ray eo amin'ny Zanaka. Raha mangataka zavatra Amiko amin'ny anarako ianareo dia hataoko izany. ” Jaona 14:13, 14

« Ary amin'izany andro izany dia tsy hanontany Ahy na inona na inona ianareo; lazaiko aminareo marina dia marina tokoa fa na inona na inona hangatahinareo amin'ny Ray dia homeny anareo amin'ny anarako izany. Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo ; mangataha dia hahazo ianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo. ” Jaona 16:23, 24

“Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany : raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy. Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika, dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy. ” 1 Jao. 5:14, 15

**Teny Fikasana Momba Ny Herin 'Andriamanitra**

«Fa misy zavatra mahagaga izay tsy hain'i Jehovah va? Amin'ny fotoan'andro raha avy ny taona toy izao dia hiverina aminao Aho, ary Saraha hanana zazalahy. ” Gen. 18:14

"Jehovah hiady ho anareo, fa hianareo kosa hangina." Eks. 14:14

"Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: « Raha amin'ny olona dia zavatra tsy hainy izany, fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra. '” Marka 10:27

" Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany." 1 Tes. 5:24

"Fantatro fa hainao avokoa ny zavatra rehetra ary tsy azo ferana ny fisainanao." Joba 42: 2

« Inona àry no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? Izay tsy niaro ny Zanany lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka Aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra? " Rom. 8:31, 32

“Andriamanitra tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina. Moa efa nilaza va Izy fa tsy hefainy? Na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? Nom. 23:19

“Tsy fantatrao va? Tsy efa renao va? Fa Andriamanitra mandrakizay Jehovah, Izay namorona ny faran'ny tany, ? Tsy mba mety ho reraka na sasatra Izy. Tsy takatry ny saina ny fahalalany. Mampahatanjaka ny reraka Izy ary izay kely hery dia omeny hery be. Na dia ny tanora fanahy aza dia ho reraka sy ho sasatra, ary na dia ny zatovo aza dia mety ho tafintohina mafy fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa; elatra no hiakarany tahaka ny voromahery. Hihazakazaka izy nefa tsy ho sasatra, handeha izy nefa tsy ho reraka. ” Isa. 40: 28-31

**Teny Fikasana ny amin'ny Fitarihan'Andriamanitra**

« Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao. " Jos. 1: 9

« Ary, indro, Izaho momba anao ka hiaro anao amin'izay làlan-kalehanao rehetra ary hampody anao indray ho amin'ity tany ity; fa tsy handao anao Aho mandra-panaoko izay voalazako taminao. » Gen. 28:15

« Indro, Izaho maniraka Anjely eo alohanao hiaro anao any an-dàlana sy hitondra anao ho any amin'ny fitoerana izay namboariko. » Eks. 23:20

"Kanefa any ianao no hitady an'i Jehovah Andriamanitrao, ka hahita Azy raha mitady Azy amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra. " Deot. 4:29

« Antsoy aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao. » Jer. 33: 3

"Aoka hasandratra ny lohasaha rehetra, aoka haetry ny tendrombohitra sy ny havoana rehetra; aoka ny be havoana ho tonga lembalemba ary ny tany saro-dàlana ho tonga lemaka ; dia hiseho ny voninahitr'i Jehovah ary ny nofo rehetra hiara-mahita izany; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny » Isaia 40 : 4, 5

« Hanome saina anao sy hampianatra anao izay làlan-kalehanao Aho ; hitsinjo anao,ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho » Salamo 32 :8

« Ary Jehovah no mandeha eo alohanao ary Izy ho hiaraka aminao : tsy handao anao na hahafoy anao Izy ; koa aza matahotra na mivadi-po ianao » Deot 31 :8

« Iza no lehilahy matahotra an'i Jehovah ? Izy no hampianariny izay làlana tokony hofidiny » Salamo 25 :12

« Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao ; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra fa Izy handamina ny làlanao » Ohabolana 3 : 5, 6

« Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavanao, ary ny haizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovonana. Ary Jehovah hitari-dàlana anao mandrakariva, sady hahavoky ny fanahinao ao amin'ny tany karankaina aza sy hampahatanjaka ny taolanao ; dia ho tahakany saha vonton-drano ianao sy ho tahaka ny loharano miboiboikaizay tsy mety ritra » Isaia 58 : 10, 11

« Raha tsy mbola miantso aza izy dia hamaly Aho, ary raha mbola miteny izy dia hihaino Aho » Isaia 65 : 24

**Teny Fikasana ny amin'ny Fiovam-po**

« Ary homeko fo hahalalany Ahy ho Jehovah izy, dia ho oloko izy ary Izaho kosa ho Andriamaniny ; fa hiverina Amiko amin'ny fony rehetra izy » - Jer. 24 :7

« Dia ho foran'i Jehovah Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ny taranakao hitiavanao an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra,mba ho velona ianao » - Deot. 30 :6

« Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato ka homeko fo vaovao ianareo » -Ezek. 36 :26

« Ary matoky indrindra aho fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany mandra-pihavin'ny andron'i Jesosy Kristy » Filip. 1 :6

« Koa raha misy olona ao amin'i Kristy dia olom-baovao izy ; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo » 2 Kor. 5 :17

« Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho , ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko ; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra » Gal. 2 :20

« Ary Andriamanitry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka , ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo hotanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika. Mahatoky Izay miantso anareo sady Izy ihany no hanefa izany » 1 Tes. 5 : 24

**Teny Fikasana ny amin'ny Famelan-keloka**

« Raha ny oloko izay nantsoina amin' ny anarako ho avy hanetry tena ka mivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hanasitrana ny taniny » 2 Tant. 7 :14

« Fa Hianao Tompo o ! no tsara sy mamela heloka ary be famindrampo amin'izay rehetramiantso Anao » Salamo 86 :5

« Ary raha mitsangana mivavaka ianareo ka misy olona anananareo alahelo dia mamelà ny helony mba havelan'ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo » Marka 11 :25

« Ary aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy ianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy » Efes. 4 :32

« Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra » 1 Jao. 1 :9

« Avia àry hifandahatra isika, hoy Jehovah : na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo dia ho fotsy tahaka ny orampanala ; na dia mangatrakatraka tahaka ny sily aza dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy » Isaia 1 :18

« Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako ; ary tsy ho tsarovako ny fahotanao » Isaia 43 :25

« Fa havelako ny helony, ary tsy ho tsarovako intsony ny fahotany » Jer.31 :34

« Izy no ananantsika fanavotana amin'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika araka ny haren'ny fahasoavany » Efes. 1 :7

**Teny Fikasana ny amin'ny Fandresena amin'ny Ota**

« Fa izay naterak'Andriamanitra no maharesy izao tontolo izao, ary ny fandresena ho enti-maharesy izao tontolo izao dia ny finoantsika » 1 Jaona 5 :4

« Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'Ilay tia antsika » Rom. 8 :37

« Fa isaorana anie Andriamanitra Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika » 1 Kor 15 :57

« Aza matahotra ianao fa momba anao Aho ; ary aza miherikerika foana fa Izaho no Andriamanitrao. Mampahery anao Aho sady mamonjy anao ; eny mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho » Isaia 41 :10

« Ary ho fanampin'izany rehetra izany dia tano ny finoana ho ampinga izay hahazoanareo hamono ny zana-tsipika mirehitra rehetra izay alefn'ilay ratsy » Efes. 6 :16

« Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho , ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko ; fa izay ivelomako ankehitriny eo amin'ny nofo dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra » Gal. 2 :20

« « Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony » Filip. 2 :13

« Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo » Rom. 16 :20

« Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina » Rom. 12 :2

« Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy olona tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray » 1 Jaona 2 :15

**Teny Fikasana ny amin'ny Fanasitranana**

« Raha hazoto hihaino ny feon'i Jehovah Andriamanitrao ianao ka hanao izay mahitsy eo imasony sy hihaino ny lalàny ary hitandrina ny didiny rehetra, dia tsy hisy hataoko aminao ireny aretina rehetra ireny izay nataoko tamin'ny Egyptiana ; fa Izaho no Jehovah Izay manasitrana anao » Eks 15 :26

« Ho vy sy varahina ny hidinao, ary hifamatra amin'ny andronao ny fiadananao » Deot. 33 :25

« Misaora an'i Jehovah , ry fanahiko ; ary aza misy hadinoinao ny fitahiany rehetra, izay mamela ny helokao rehetra, izay manasitrana ny aretinao rehetra, izay manavotra

ny ainao tsy hidina any an-davaka, izay manarona famindrampo sy fiantrana anao, izay mahavoky soa ny vavanao ;ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery » Salamo 103 :2-5

« Natao tsinontsinona sy nolavin'ny olona Izy ; lehilahy ory sady zatra ny fahoriana ; ary tahaka izay tsy tian'ny olon-kojerena akory Izy ; natao tsinontsinona Izy ka tsy mba nahoantsika. Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika ; kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahoriana. Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina noho ny helotsika. Ny fampijaliana nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy, ary ny dian-kapoka taminy no nahasitranana antsika » Isai 53 :3-5

« Jehovah o ! sitrano aho dia ho sitrana ; vonjeo aho dia ho voavonjy. Fa Hianao no fideràko » Jer. 17 :14

« Fa ho tanterahiko ny fanasitranana anao ; eny, ho sitraniko ny faharatranao, hoy Jehovah, noho ny nanaovany anaohoe : Ilay noroahina sy hoe : Ziona tsy misy mpitady ity » Jer. 30 :17

« Dia indro,ho tanterahiko tokoa ny fanasitranana azy ; eny, ho sitraniko izy, ary hasehoko aminy ny fiadanana sy ny fahamarinana » Jer. 33 :6

Ary hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny Masoandron'ny fahamarinana, manana ny fanasitranana ao amin'ny tànany ; ary hivoaka hianareo ka hifalihavanja toy ny zanak'omby mifahy » Malakia 3 :20

« Misy marary va eo aminareo ? Aokaizy hampaka ny loholon'ny fiangonana ; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy ; ary ny fivavaky ny finoana diahamonjy ilay marary ;fa ny Tompohanagana azy, ary raha nanota izy dia havela ny helony » Jakoba 5 : 14, 15

**Teny fikasana ny amin'ny Hery Hanaovana ny Sitrapon'Andriamanitra**

« Ary tsy ketraka izahay. Fa na dia mihalevona aza ny toetray ivelany dia havaozina isan'andro isan'andro kosa ny toetray anatiny. Fa ny fahorianay maivana , izay vetivety foana, dia mainka miasa fatratra indrindra ka mahatanteraka voninahitra mavesatra maharitra mandrakizay ho anay, raha tsy mijery ny hita izahay fa ny tsy hita. Fa nyhita dia ho vetivety foana, fa ny tsy hita no haharitra mandrakizay » 2 Kor 4 :16-18

« Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika ; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy reraka isika » Gal.6 :9

« Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'Ilay mampahery ahy » Filip. 4 :13

« Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony » Filip. 2 :13

« Nefa hoy Izy tamiko : Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina ao amin'ny fahalemena . Koa mainka sitrako ny hirehareha amin'ny fahalemeko mba hitoeran'ny herin'i Kristy amiko » 2 Kor 12 :9

**Teny Fikasana ny amin'ny Maha-Vavolombelon'Andriamanitra**

« Aza matahotra na mangovitra hianareo ; tsy efa namapndre anareo hatramin'ny fahiny va Aho ka nanambara taminareo ? Eny, hianareo no vavolombeloko ; misy Andriamanitra afa-tsy Izaho va ? Tsia, tsy misy Vatolampy, tsy hitako izany » Isai 44 :8

« Mitsangàna,mihazavà, fa tonga ny fahazavanao ; ary ny voninahitr'i Jehovah efa miposaka aminao » Isai 60 :1

« Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana » 2 Kor 5 :18

« Fa hoy Jehovah tamiko : Aza manao hoe mbola zaza aho. Fa handeha amin'izay rehetra anirahako anao ianao ; ary izay rehetra andidiako anao no hambaranao » Jer. 1 :7

« Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany » Asa 1 :8

« Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, fanjakam-pisorona, firenena masina, olona nalain' Andriamanitra ho an'ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran'Ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga » 1 Pet. 2 : 9

« Fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemem-panahy sy ny fanajana » 1 Pet. 3 :15

## SABATA FANKALAZANA

Aoka hatokana ny Sabata farany amin'ny Folo Androm-bavaka mba hankalazana ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny heriny lehibe. Hizarana ny fomba nanaovanao fanandramana ny amin'ny fifohazana sy ny firotsahan'ny Fanahy Masina tao anatin'ny folo andro lasa. Hifaliana ny amin'izay nataon'Andriamanitra tamin'ny lasa, izay ataony ankehitriny ary hataony amin'ny ho avy.

Samy manana ny maha-izy azy ny filàn'ny fiangonana tsirairay avy, koa aoka hiaraha miasa amin'ny mpitondra eo an-toerana mba hamolavola drafitra manokana ho an'ny fiangonanao. Ireto misy zavatra mety azo ampidirina amin'ny fotoam-pivavahana Sabata farany hataonareo.

**Loha-hevitra**:

Mikatsaka Fifohazana avy amin'ny Fanahy Masina

**Andininy fototra**:

" Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko", hoy Jehovah Tompon'ny maro" (Zakaria 4: 6).

**Hira azo atao**:

……………………..

……………………..

**Hevitra ho an'ny toriteny**:

Aoka hisy pasitora, loholona na mpitarika vavaka hanao toriteny fohy momba ny fifohazana amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Hevero ny fampiasana ny iray amin'ireto andininy ao amin'ny Baiboly ireto:

- Lioka 11: 9-13 (mangataka sy mandray ny Fanahy Masina)
- Asan'ny 2 (ny nirotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Kristiana voalohany)
- Romana 8 (miaina araka ny Fanahy)

**[NA]**

Asao ny mpanatrika ny Folo Androm-bavaka hifandimby hanolotra famintinana 1 na 2-minitra ny amin'ny toro-làlana tsirairay momba ny vavaka isan'andro nandritra ny 10 andro . Zarao ny lohateny sy ny andininy fototra ary ny hevitra lehibe iray. (Omanina mialoha mba hitoetra ho 1-2 minitra ny famintinana. Ho an'ny ankamaroan'ny olona, ny iray minitra dia ahitana teny 125-150 eo ho eo.)

**[NA]**

Ataovy lisitra ireo tanora mba hanolotra andalan-tSoratra Masina, vakiteny na toriteny fohy mifanaka amin'ny loha-hevitry ny fifohazana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Afaka manampy amin'ny hira sy mozika koa ny tanora na manolotra fijoroana ho vavolombelona.

**Hevitra hafa momba ny programa**:

Fijoroana ho vavolom-belona ataon'ny mambra momba ny valim-bavaka

Fotoam-bavaka ho an’ny vondrona kely

Filazana ny amin’ny fotoam-bavaka na asa fanompoana hatao amin'ny ho avy

Tantaran'ny ankizy momba ny vavaka

Fisafidianana hira manokana

# ANTOM-BAVAKY NY FIANGONANA

# MANERAN-TANY

FANAMARIHANA HO AN'NY MPITARIKA SY MPANDIKA TENY: Ireto manaraka ireto dia antom-bavaka efa mahazatra ho an'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany. Satria miova haingana ny toe-draharahan'izao tontolo izao sy ny fiangonana dia hanome lisitra farany izahay ao amin'ny tranonkalantsika amin'ny fararanon'ny taona 2020. Jereo ny www.tendaysofprayer.org.

• Mivavaka izahay ho an'ireo mambra Advantista miatrika fanenjehana na fampidirana amponja noho ny finoan'izy ireo.

• Mivavaka izahay ho an'ny fifohazana ara-panahy ho an'ireo tanora Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izay mianatra amin'ny oniversite sy sekolim-panjakana manerantany. Enga anie izy ireo ho tonga masoivoho mavitrika ho an'i Kristy.

• Mivavaka izahay ho an'ny 69 isan-jaton'ny mponina eto an-tany izay mbola tsy nahazo fanehoana mazava an'i Jesosy.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 62 tapitrisa ao amin'ireo tanàna 28 mbola tsy nidirn'ny hafatra ao amin'ny Firaisana Sovietika teo aloha (Diviziona Euro-Asia).

• Mivavaka izahay mba hanangonan'Andriamanitra misiônera be herim-po vonona hiasa amin'ireo vondron'olona 746 amin'ireo firenena miisa 20 ao Moyen Orient.

• Mivavaka izahay mba hisian'ny Advantista izay hanompo an'Andriamanitra amin'ny fitiavana ny hafa sy amin'ny fizarana ny hafatra amin'ny olona avy amin'ny kolontsaina sy fivavahana hafa.

• Miangavy izahay mba hisian'ny mpianatra amin'izao vanin'andro moderina izao izay vonona hanompo any amin'ny toerana sarotra.

• Mivavaka izahay ho an'ny olona 202 tapitrisa ao amin'ireo tanàna miisa 41 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Atsimo mba hahalalany an'i Jesosy.

• Mivavaka izahay ho an'ny Sampana Sekoly Sabata / Asa ataon'ny tena manokana any amin'ny fiangonana eo an-toerana raha mikatsaka ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fiarahamonina misy azy izy ireo miaraka amin'ny fanompoana am-pitiavana, fampianarana Baiboly ary fijoroana ho vavolombelona ataon'ny tena samirery.

• Mivavaka izahay ho an'ny ADRA noho ny fiatrehana ireo zavatra ilain'ny olona manerana izao tontolo izao.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 16 tapitrisa ao amin'ireo tanàna 6 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo .

• Mangataka izahay ny fanampian'ny Fanahy Masina mba hahafantarana ny fomba hanatrarana ireo olona 406 tapitrisa any amin'ireo tanàna 105 tsy mbola nidiran'ny hafatra any amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Avaratra.

• Mangataka izahay mba hahazoan’ny Sampana Aumonerie hanentana mpitondra fivavahana sy mambra liana hanompo any amin’ny fonja.

• Tompo o! mivavaka izahay ho an'ireo mpampianatra Sekoly Sabata. Miangavy izahay ny mba hanampianao azy ireo hahatsapa ny maha-zava-dehibe ny asan’izyireo ho an'ny ankizy.

• Tompo o! mangataka ny fitarihanao izahay ho an'ireo Ivon-toerana sy programa momba ny fahasalamana sy ny fianakaviana ary ny fikambanana tanora eran'izao tontolo izao.

• Mivavaka izahay mba hanampianao anay hahay hitia sy hikolokolo ireo mambra vaovao.

• Tompo o! asehoy anay ny fomba hampielezana pejy voasoratra bebe kokoa momba ny fahamarinana (vita printy sy elektronika) amin'ireo vondrom-piaraha-monina misy anay. Mivavaha izahay mba hamakian’ny olona an’izy ireny miaraka amin’ny fandresena lahatra avy amin’ny Fanahy Masina ny amin'ny fahamarinan'ny Baiboly.

• Tompo ô! mangataka ny fiarovanao izahay ho an'ireo misiônera miasa any amin'ny toerana mampidi-doza.

• Miangavy izahay mba hiantsoanao evanjelista, mpianatra mpilatsaka an-tsitrapo, mpanoratra, manam-pahaizana momba ny haino aman-jery ary mpanohana ara-bola mba hampiely teny fanantenana sy fiainana.

• Mivavaka izahay ho an'ny sekoly Adventista, mpianatra ary mpampianatra maneran-tany. Enga anie ireny sekoly ireny mba hampianatra mandrakariva ny fahamarinan'ny Baiboly ary hitarika ny tanora hiditra amin'ny asa fanompoana.

• Tompo ô, omeo anay ny fahendrena hanatrarana ireo kolontsaina samihafa tsy liana amin'ny fivavahana. Enga anie ny Fanahinao Masina handrodana ny rindrina manodidina ny fo tsy mino Anao.

• Tahio izahay rehefa manatona ireo olona andevozin'ny fivavahana amin'ny fanahy sy ny fanompoan-tsampy. Ampio izahay mba hahatakatra ny fomba fijerin'izy ireo an’izao tontolo izao ary hampahafantatra azy ireo Ilay Mpamonjy ny tena manokana.

• Tompo o! miangavy izahay ny hanomezana aingam-panahy ho an’ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany mba hanana hafanam-po hivavaka mihoatra lavitra noho teo aloha . Aoka izahay hiara-hitalaho ny ranonorana faran’ny Fanahy Masina, araka ny nampanantenaina ao amin'ny Joela 2, Hosea 6, ary Asa 2.

• Mivavaka izahay ho an'ireo vondron'olona 541 any amin'ireo firenena 18 any amin'ny Diviziona Afrika Atsimo-Ranomasimbe Indiana. Miangavy izahay mba hitarihana azy ireo amin'ny fahamarinan’ny Baiboly.

• Asehoy anay ny fomba hahazoana manome fahafaham-po ny filàna ara-panahy sy ara-nofon’ireo mpitsoa-ponenana. Aoka ny fiangonanay mba ho fantatra amin'ny fanehoam-pitiavana ny olona rehetra tsy manavaka na iza izy ireo na avy aiza.

• Aoka izahay hitory am-pahatokiana sy amin’ny fomba feno ny Hafatry ny Anjely Telo ao amin'ny Apôkalipsy 14. Aoka izahay hampifantoka sy hampiorina ny fampianarana ataonay amin’ ny fitiavana sy ny fahamarinan'i Kristy.

• Mangataka Aminao izahay mba hananganana misiônera an-tanàn-dehibe mba hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 806 ao amin'ny firenena 20 ao amin’ny Diviziona Inter-Eoropeana.

• Miangavy izahay mba hananganana andian-tafika mpiasa hanorina fiangonana ho an'ireo vondron'olona 948 any amin'ny firenena 38 ao amin’ny Diviziona Inter-Amerikana.

• Miangavy izahay mba hampianarana anay ny fomba hitorianay ireo foto-pinoan’ny fiangonana sy ny fahamarinan’ny Baiboly amin'ny fomba mazava sy ny fahaiza-mamorona. Aoka ny fitiavan'i Jesosy no ho fototry ny zavatra rehetra inoanay.

• Tompo o! miangavy izahay mba hanomanana tanora hanorina fiangonana ho an'ny vondron'olona 789 any amin'ny firenena 9 ao amin’ny Diviziona Amerika Avaratra..

• Mangataka Aminao izahay mba hanomana mpilatsaka an-tsitrapo hanao fanompoana any amin’ireo vondron’olona 70 ao amin'ny Misionan’Isiraely.

• Mangataka Aminao izahay mba hananganana misiônera mpitsabo hanorina fiangonana amin'ireo vondron'olona 830 any amin'ireo firenena 11 ao amin'ny Diviziona Afrika Atsinanana Afovoany.

• Mangataka Aminao izahay mba hananganana mpitolona am-bavaka mba hanelanelana ho an'ireo vondron'olona 2.568 any amin'ny firenena 4 ao amin’ny Diviziona Azia Atsimo.

• Miangavy izahay mba hanehoan’ny fianakavianay ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy ao amin'ny fiarahamonina misy anay. Mangataka Aminao izahay mba hitondranao firindrana any amin’ny tokantrano tsirairay, mba hanasitrananao ny fifandraisana tapaka, mba hiarovanao ireo marefo amin'ny fanararaotana, ary mba hanehoanao ny herinao manamasina amin'ny toe-javatra toa tsy misy antenaina.

• Aoka ny mambran'ny fiangonanay, ny pasitora ary ny mpitondra maneran-tany mba hivoky ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Aoka koa izahay mba hitady Anao isan'andro amin'ny vavaka ataon’ny tenanay manokana. Ampahatsiahivo anay fa raha tsy misy Anao dia tsy afaka manao na inona na inona izahay.

• Mangataka Aminao izahay mba hananganana mpitsabo mpanampy sy dokotera hanorina fiangonana vaovao any amin'ireo vondron'olona 1,978 ao anatin'ny firenena 22 ao amin'ny Diviziona Afrika Afovoany Andrefana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo olona 49 tapitrisa any amin'ireo tanàn-dehibe 19 tsy mbola nidiran’ny hafatra ao amin’ny Diviziona Trans-Eoropeana.

• Mivavaka izahay ho an'ny zanakay. Miangavy izahay ny mba hanomezana hery azy ireo hijoroany amin-kerim-po ho Anao rehefa sendra sakana sy fanerena. Ampio izy ireo mba hanao safidy hendry sy hijoro ho an'ny fahamarinana.

• Ampianaro izahay mba hanaraka ny ohatr'i Kristy tsy misy fitiavan-tena amin'ny alàlan'ny fiatrehana ny filàn'ny olona akaiky anay isan'andro. Aoka Ianao hampitao anay mba hanompo amin'ny maha-misiônera mpitsabo, mpilatsaka an-tsitrapo ao amin'ny fiarahamonina ary namana ho an'ny sahirana.

• Tompo ô, aoka hanenika ny fiangonanao amin'ny andro farany ny fifohazana mahery vaika amin'ny toe-panahy araka an 'Andriamanitra nisy tamin’ny fiangonana voalohany. Aoka izahay hijoro amin'ny fahamarinana na dia hikoro aza ny lanitra.

• Mivavaka izahay ho an'ny mpitarika tanora manerantany izay mampita amim-pahatokiana ny lovanay amin'ny taranaka mandimby: ny maha-izy ao amin'i Kristy, ny iraka amin’ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ary ny fitantanana ny fiangonana eo an-toerana.

• Mivavaka izahay ho an'ireo tanora izay miaina amin'ny fomba mampidi-doza ho an'ny Tompo ao anatin’ny tetik’asa Taona Iray Mamita Iraka ary ny Misiona Kaleba.

• Tompo o! mba asehoy anay ny paikady avy Aminao mba hanatrarana ireo Jeriko eto amin'izao tontolo izao amin'ny Hafatry ny Anjely Telo sy mba hitarihana ireo Rahaba isaky ny tanàna ho amin'ny famonjena ao amin'i Kristy.

• Tompo o! miangavy izahay mba hitondrana fanasitranana sy fampiononana ho an'ny olona an-tapitrisany maro izay mararin'ny aretina samihafa. Asehoy anay ny fomba hahatongavanay ho tànanao sy tongotrao ho fitahiana ho an’ireo mijaly sy hitondra fanantenana ho an'ireo feno tahotra.

# ANDRO 1

## NY FANOMEZAN'I JESOSY SAROBIDY INDRINDRA

> "Tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy!" (Lioka 11:13).

**Tsy manana na inona na inona aho**

"Tompoko, mampianara anay hivavaka!" hoy ny mpianatra nitalaho. Nahita an'i Jesosy nifandray isan'andro tamin'ny Rainy Izay any an-danitra izy ireo ka dia naniry fatratra ny hery mitovy amin'izany ho eo amin'ny fiainany manokana.

Namaly Jesosy tamin'ny alalan'ny lesona momba ny vavaka tsy hay hadinoina izay misy fizarana telo: ny vavaka nampianarin'ny Tompo, ilay fanoharana momba ny sakaiza tonga amin'ny misasakalina, ary — ny fara-tampony - ny ilàna ny hangataka tsy tapaka ny Fanahy Masina (Lio 11: 1-13).

Ao amin'ny fanoharana (andininy 5-8), dia misy lehilahy iray tsy manana izay hafahany ny vahiny tonga alina ao aminy. Lasa haingana ilay lehilahy nankao amin'ny mpifanolo-bodirindrina aminy ary nangataka mofo homeny ny vahininy, ka nanazava hoe: "Tsy misy izay hafahako azy." Nanohy nangataka hatrany izy mandra-pazahoany mofo hozaraina amin'ny vahininy. Ao amin'ity tantara ity dia hitantsika fa mila manatona an'i Jesosy isika mba hananantsika zavatra ho zaraina amin'ny hafa. Rehefa te-hizara ny Mofon'aina isika dia matetika no mahatsapa fa tsy manana na inona na inona homena!

Rehefa izany Jesosy dia mampifandray ny olana ao amin'ity fanoharana ity (tsy manana na inona na inona aho) amin'ny ilantsika hangataka ny Fanahy Masina: "Ary hoy Izaho aminareo : mangataha, dia homena ianareo. "(Lioka. 11: 9).

**Manasa antsika Jesosy: Aza mitsahatra mangataka**

Eto amin'ny Lio 11, dia im-polo Jesosy no manizingizina fa tokony hangataka ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika isika. Tsy mahafantatra andalan-teny hafa aho izay ampirisihany antsika am-pitiavana mba handray zavatra amin'ny fo tokoa.

> "Ary hoy Izaho aminareo : **mangataha,** dia homena ianareo; **mitadiava**, dia hahita ianareo; **dondòny**, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra **mangataka** no mahazo; ary izay **mitady** no mahita, ary izay **mandondòna** no hovohana. Fa iza moa aminareo izay ray, raha **angatahan**'ny zanany mofo no hanome azy vato? Ary raha **angatahany** hazandrano, no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? Ary raha **angatahany** atody, no hanome azy maingoka? Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay **mangataka** Aminy ? " (Lioka 11: 9-13).

Ao amin'ireo andininy vitsivitsy ireo Jesosy dia in'enina no mampiasa ny matoan-teny « mangataka », indroa no manantitrantitra ny hevitra miaraka amin'ny « mitady » ary indroa « mandòndona ». Ireo rehetra ireo dia matoan-teny milaza asa na hetsika atao avokoa. Asehony mazava tsara fa tsy maintsy mandray andraikitra mihetsika isika mba ho feno ny Fanahy Masina. Ny fampiasana farany ny teny hoe mangataka dia milaza fotoana mitohy

amin'ny teny grika, izay midika fa tsy tokony hangataka indray mandeha fotsiny isika fa kosa amin’ny fomba mitohy, tsy mitsahatra. Mazava araka izany fa tian’i Jesosy ny hamoha ny faniriantsika ny Fanahy Masina amin’ny alalan’ny fanasana antsika feno fitiavana. Fantany fa very zavatra manan-danja iankinan’ny aina tokoa isika raha tsy mangataka tsy mitshatra ireo fitahian'ny Fanahy Masina.

Izao no vakintsika ao amin'ny boky Henoinareo ny Fanoharana :

> "Andriamanitra akory tsy manao hoe: Mangataha indray mandeha, dia hahazo ianareo. Mibaiko antsika Izy hangataka Mikiriza amin'ny fivavahana ary aza mety sasatra. Ny fangatahana ikirizana dia mahatonga ny mpitalaho hafana fo sy hampitombo ny faniriany handray ny zavatra izay angatahiny ”(p. 118).

Ary diniho kely ange, nahoana moa i Jesosy, Izy tenany mihitsy no nandany fotoana betsaka tamin'ny fivavahana isan'andro? Manazava i Ellen White,

> “Isa-maraina dia nifandray tamin'ny Rainy any an-danitra Izy, ary nandray avy Aminy isan'andro ny batisan'ny Fanahy Masina ”(Signs of the Times, 21 nov. 1895).

Marina tokoa fa Jesosy no ohatra ho antsika amin'izany. Anontanio ny tenanao manao hoe: Raha Jesosy aza moa nila famelombelona avy tamin'ny Fanahy Masina isan'andro, dia hatraiza ny maha-zava-dehibe lavitra an'izany ho ahy?

**Fijoroana Ho Vavolombelona sy Fanamby avy amin'ny Mambran'ny Fiangonana iray**

"Nandritra izay roa taona izay dia nivavaka isan'andro aho ho amin’ny firotsahan’ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainako. . . . Tsy nampino ny fiarahako mandeha tamin’Andriamanitra. Nanjary hita kokoa teo amin'ny fiainako ny vokatry ny Fanahy ao amin'ny Galatianina 5 hatramin'ny nangatahako an’i Jesosy hitoetra ato amiko, hanao ny sitrapony amiko, ary hanavao ahy isan'andro amin'ny Fanahy Masina. Manana fifaliana bebe kokoa aho amin'ny famakiana ny Baiboly sy fizarana an'i Kristy amin'ny hafa, ary manana faniriana mafy hivavaka ho an'ny hafa aho; ankoatr'izay dia niova tanteraka ny fomba fiainako . . . . Manao fanamby aminareo aho hivavaka isan'andro mandritra ny enina herinandro mba ho fenoina ny Fanahy Masina ary jereo izay zavatra hitranga ” (C.H.).

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Maninona isika no tsy manana valiny bebe kokoa amin'ny vavaka?**

“Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. Mangataka ianareo nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka mba hohaninareo amin'ny filànareo ” (Jak. 4: 2, 3).

Ry Rainay tsara indrindra any an-danitra ô, mamelà anay noho ny anaovanay an-tsirambina ny fangatahana tsy tapaka ny Fanahy Masina. Misaotra Anao fa raha miaiky ny fahotanay izahay dia mahatoky sy marina Hianao ka mamela azy ireny.

**Ny fangatahantsika dia mampiseho ny fanombanantsika izay atolotr'Andriamanitra antsika .**

“ Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala manome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy ? ” (Lioka 11:13).

Tompo malala o ! misaotra Anao noho ny fampanantenanao hanome anay ny Fanahy Masina. Mangataka izahay mba hirotsahan'ny Fanahy Masina ankehitriny, ary misaotra Anao izahay noho ny famalianao ny vavakay. Ampianaro izahay hatoky an'io teny fikasana io.

**Andriamanitra dia te hanome antsika fiainana be dia be!**

"'Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony. araka ny voalazan'ny Soratra Masina ; ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino Azy no nolazainy tamin’izany ”(Jaona 7:38, 39).

Tompo malala o ! misaotra Anao nanome onin’ny rano velona ho an'izay mino Anao. Miangavy Anao hanampy anay mba hivelona amin’ny fanoloran-tena isan’andro tsy tapaka amin’i Kristy mba hahazoanao manatanteraka io teny fikasana io amin’ny fiainanay.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an’Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaotra an’Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an’Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an’ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an’Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamaly amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira:** (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 2

## MANDRAY NY FANOMEZANA

"Ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halaliny ; ary hahalala ny fitiavan'i Kristy" (Efesiana 3:18).

### Mandray, Manolo-tena, Mitombo

Ahoana no ahafahantsika miaina sy manao fanandramana ny fahafenoan'ny fitiavan' Andriamanitra? Vakio izay lazain'ny apostoly Paoly ao amin'ny Efesiana 3: 14-21 .

1. Voalohany, mila mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika. "Mba homeny anareo araka ny haren'ny voninahiny ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo "(andininy 16).

2. Manaraka izany, manolotra tanteraka ny fiainantsika ho an'i Kristy isika ary mivelona amin'ny fifandraisana ety sy maharitra Aminy "mba hitoeran'i Kristy ao amponareo amin'ny finoana "(andininy 17).

3. Rehefa izany, ny finoantsika dia mitombo sy mihamatotra amin'ny alàlan'i Kristy sy ny Fanahy Masina ao amintsika. "ka hamaka sy hiorina tsara amin'ny fitiavana hianareo "(andininy 17).

Ny vokany? Miaina ary manao fanandramana ny fahafenoan'ny fitiavan'Andriamanitra isika. Manome antsika ny hery Izy "mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halaliny ; ary hahalala ny fitiavan'i Kristy " (andininy 18).

### Mandalo ny fitsapana rehetra ny fitiavan'Andriamanitra

Diniho ilay fanoharana momba ny Zanaka Adala ao amin'ny Lioka 15: 11-32. Indray andro ilay zandriny nanatona ny rainy (izay maneho an'Andriamanitra) ka nanambara fa te hiala tao an-trano izy ary hiaina ny fiainany manokana. Mazava eto fa tsy mety aminy ny fifehezana ao an-tranon'ny rainy (didin'Andriamanitra). Nangataka ny lovany ilay zazalahy, izay tsy nananany zo akory tamin'izay fotoana izay, nefa dia nomen-drainy azy ny anjarany. Nanome azy fahalalahana tanteraka ilay raim-pianakaviana satria tia azy ary nanaja ny safidiny (tahaka ny ataon'Andriamanitra amintsika).

Rehefa izany dia nandeha nankany amin'ny toerana lavitra ilay zazalahy ary niroso tamin'ny fandaniana ny volany tamin'ny fiveloman-dratsy sy ny vehivavy maloto fitondran-tena. Rehefa nihalany ny vola dia nihena ny faribolan'ny "sakaizany", ary farany tsy nanana na inona na inona intsony izy. Mba haharatsy kokoa ny toe-javatra dia nisy mosary mafy tany amin'ny tany nonenany. Noho ny fiezahana ho velona tamim-pamoizam-po, dia nitady asa izy, saingy ny hany toerana hitany dia mpiandry kisoa. Nampijaly azy ny mosary, nefa tsy navela nihinana tamin'ny hanin-kisoa akory izy.

Toy ny mitranga matetika mandritra ny fotoan-tsarotra dia nanomboka nandinika ny fiainany izy. Nahatsapa izy fa ny mpanompon'ny rainy rehetra dia mana-kanina be fa izy kosa maty mosary, koa dia nivoady izy fa hiverina any amin-drainy ary hanao hoe: «Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho, ka tsy mendrika hatao hoe zanakao intsony ; fa ataovy tahaka ny iray amin'ny olona karamainao aho " (andininy 18, 19).

Nanomboka nandeha nody ilay zazalahy niaraka tamim-pihetseham-po mifangaro, saingy efa nitazana azy ny rainy. Tamin'ny fo feno fangorahana dia nihazakazaka nanatona ny rainy, namihina ny vozony, ary nanoroka azy, na dia maloto sy maimbo aza ilay zanany. Mialoha ny nahafahan'ilay zanany nanao ny fiaikeny manontolo dia niantso ny mpanompo ilay raim-pianakaviana mba hitondra ny akanjo tsara indrindra sy hanomana lanonana. Mazava fa tiany toy ny teo aloha ilay zanany. Ao amin'ity tantara ity dia hitantsika ny tantara manontolo momba ny famonjena - ny fibebahana sy ny fiaiken-keloky ny mpanota, ny Ray izay miandry fatratra, ary ny fandraisana feno hafaliana rehefa miverina isika. Tia antsika tsy misy fepetra Andriamanitra! Saingy mila manatona Azy isika, toy ny niverenan'ilay zanaka adala tany amin'ny rainy. Mandalo ny fitsapana sy fisedrana rehetra ny fitiavan'Andriamanitra! Tsy hataony ambanin-javatra ny fandraisana anao.

Rehefa niverina ihany ilay zanany vao afaka nampitobaka ny fitiavany rehetra ilay raim-pianakaviana. Tamin'izay vao nisokatra handray izay rehetra tian'ny rainy hatolotra ilay zanany. Farany, tsy nisy na inona na inona intsony nanakana ny fifandraisan'izy ireo akaiky, ary ilay zanaka dia afaka niaina ny nanandrana ny fahafenoan'ny fahatsaran'ny rainy, izay tsy nitsahatra niandry azy.

Raha miverina amin'ilay fanontaniana manao hoe ahoana no ahafahantsika miaina sy manandrana ny fahafenoan'ny fitiavan'Andriamanitra? Amin'ny alalan'ny fivelomana amin'ny fanoloran-tena feno isan'andro ho an'i Kristy amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Ary rehefa mameno ny fiainantsika ny fitiavan'Andriamanitra dia tonga fantson'ny fitiavany ho an'ny hafa isika ; arakaraka ny anomezantsika no andraisantsika. Hoy i Ellen White: "Mila ny batisan'ny fitiavana isan'andro ianao izay nahatonga azy ireo mpianatra niray saina avokoa tamin'ny andron'ny apostoly "(Testimonies for the Church, vol. 8, p. 191).

Ary nahoana no zava-dehibe tokoa ny mahatakatra izany fitiavan'Andriamanitra izany? "Hitan'i Paoly fa tsy maintsy mazava amin'ny olona ny toetra amam-panahin'i Kristy vao afaka ho tia Azy na hahita ny hazo fijaliana amin'ny mason'ny finoana izy. Eo no tsy maintsy manomboka ny fianarana izay ho siansa sy ho hiran'ny voavotra mandritra ny mandrakizay » (Vavolombelona Mahery, p. 238). Fifaliana toy inona re izany hianatra ny fitiavana tsy manam-paharoa sy marolafin'ny Mpamonjy izany e! Tsy hisafidy ny hitodika any amin'i Jesosy ve ianao anio?

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Inona ny didy lehibe indrindra?**

"Dia hoy Jesosy taminy: 'Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra'. . . Ary ny faharoa izay tahaka azy ihany dia izao: 'Tiava ny namanao tahaka ny tenanao' "(Matio 22:37, 39).

Ray ô, misaotra Anao noho ny fitiavanao ahy. Ampio aho mba ho tia anao amin'ny foko rehetra, ny fanahiko rehetra, ny maha-izaho rehetra, ny fihetsem-poko rehetra, ary ny heriko rehetra. Misaotra Anao noho ny famalianao sahady izao fivavaka izao araka ny sitraponao. Te ho tia ny mpiara-belona amiko aho noho ny fanampianao. Ataovy ho tonga fantson'ny fitiavanao aho.

**Ahoana no ahafahantsika mahatakatra ny halalin'ny fitiavan'Andriamanitra?**

" Mangataka aho mba homeny anareo araka ny haren'ny voninahiny ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo, mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana ka hamaka sy hiorina tsara amin'ny fitiavana hianareo » (Efesiana 3 : 16-18)

Ray o ! mangataka aho mba hohatanjahinao ny toe-panahiko ato anatiko amin'ny alalan'ny Fanahinao Masina. Enga anie Kristy hitoetra ato ato am-poko amin'ny finoana ary hitarika ahy mba hahafahako hiorina tsaa amin'ny fitiavany. Satria araka ny sitraponaoizany vavaka izany, dia misaotra Anao noho ny fihainoanao ahy sy ny famalianao izany.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaotra an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an'Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an'Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamaly amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 3

## NY FANOLORAN-TENA NO TSIAMBARATELO

"Mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety ataonareo izany" (Romana 12: 1).

**Ny làlam-piainako**

Izaho dia mpandraharaha, 36 taona, rehefa nisy namako pasitora maty tampoka tamin'ny faha-41 taonany. Izany dia nitondra izao fanontaniana izao tao an-tsaiko: Inona no mety hitranga raha antsoin'Andriamanitra ho pasitora aho? Tsy naniry an'izany velively aho. Nandritra ny herinandro iray manontolo dia niady mafy aho ary nifandahatra tamin'Andriamanitra - maraina, atoandro ary alina. Nohazavaiko taminy ny fomba ahafahako manompo amin'ny fomba hafa. Toa tsy nihaino ny fandavana nataoko Izy, ary rehefa nandohalika teo anilan'ny fandriako aho tsy nanana fonjan-kevitra hafa intsony, dia nisy eritreritra mangina niditra tao an-tsaiko: tia anao Andriamanitra! Ary nieritreritra aho hoe, Eny, ekeko izany.

Rehefa afaka minitra vitsy dia nitarika ahy hitolo-batana tanteraka ny fahatokiana ny fitiavan' Andriamanitra. Nilamin-tsaina aho avy eo. Ary afaka herintaona sy tapany taty aoriana dia niantso ahy tokoa ny Tompo ho tonga pasitora. Taona maro taty aoriana dia mbola feno fankasitrahana Azy tanteraka aho. Ny fitiavany sy ny fahendreny tsy manam-petra no naneho tamiko làlana hafa tanteraka noho izay masaka tao an-tsaiko. Ankehitriny dia hitako fa io fanoloran-tena io dia nitondra fitahiana lehibe teo amin'ny fiainako. Nitarika ahy tamin'ny làlana tsara indrindra Andriamanitra

**Fa nahoana no manolo-tena?**

Araka ny nosoratan'i Garrie F. Williams: "Ny manolo-tena tanteraka no tsiambaratelon'ny famonjena, ny fahaterahana indray, ny fandresena amin'ny ota sy ny fakam-panahy, ary ny fahafenoan'ny Fanahy Masina "(Boky : Ahoana no Fomba Hahafeno ny Fanahy Masina sy Ahalalana izany). Tsy ho azontsika atao ny hanizingizina io hafatra io mihoatra noho izany.

Tahaka ny tsy maintsy nanolorako tena alohan'ny hampiasan'Andriamanitra tanteraka ahy, dia toy izany koa ny apostoly Paoly tsy maintsy nahafoy ny fiainany taloha sy ny drafiny manokana fony Andriamanitra niantso azy teny amin'ny làlana mankany Damasy. Ao amin'ny taratasiny ho an'ny Romana, dia nampirisika ny mpino i Paoly taty aoriana hoe "atolory ny tenanareo ho fanatitra velona " ary " ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra " (Romana 12: 1; 6:13).

Betsaka no tsy nitolo-batana tamin'Andriamanitra (matetika noho ny tsy fahalalana) fa kosa nandray an-tànana samirery ny fiainany. Tsy manana ny herin'ny Fanahy Masina izy ireo, Izay fanomezana mitondra ny fanomezam-pahasoavana hafa rehetra avy amin'Andriamanitra.

"Tahaka ny teny fikasana rehetra anefa dia misy fepetrany hanomezana izany. Betsaka ny mino sy milaza ho mitaky ny teny fikasan'i Jehovah; miresaka ny amin'i Kristy sy ny amin'ny Fanahy Masina, nefa tsy mandray tombon-tsoa. Tsy mampilefitra ny fanahy hotarihin'ireo fiasan'Andriamanitra sy hofeheziny izy " (IFM, p. 725).

Amin'ny maha olombelona antsika dia tsy te-hahafoy ny fahafahantsika isika, nefa mifanohitra amin'izany ny fanirian'Andriamanitra ho antsika : " Maniry hanasitrana antsika sy hanafaka antsika Andriamanitra. Kanefa satria ilàna fanavaozana tanteraka ny toetra rehetra ara-tsaina amam-panahy izany dia tsy maintsy atolotsika Azy ny tenantsika manontolo ” (DHK, p. 51,52).

Ny fiainam-pahotana dia tsy fiainana misy fahafahana velively araka ny tiantsika iheverana azy. “Izay fanahy tsy manolo-tena ho tapahin’ Andriamanitra dia ho eo ambany fitarihan’ny hery hafa. Tsy ho tompon’ny tenany intsony izy. Mety hiteny fahafahana izy, nefaraha ny marina dia ao amin'ny tobin’ireo mpanompo ambany indrindra no misy azy. Tsy tsinjony ny hasoan'ny fahamarinana fa i Satana no mifehy azy. Amin’ny fotoana iheverany fa ny sainy ihany no mibaiko ny fanapahan-keviny no angejan’ilay andrian'ny aizina ny sitrapony. Tonga hanapatapaka ny fatoran’ny fanandevozana izay mangeja ny fanahy Kristy ”(IFM, p. 501).

Inona no fatiantoka ho antsika amin'ny fanolorantsika tena ho an'i Kristy? Izy dia afaka hanafaka antsika amin'ny fanimbana ny tenantsika - amin'ny fialonana, lolom-po, fifandirana, fitiavam-bola, fiankinan-doha, fahatezerana, fireharehana, fieboeboana, famoizam-po, fiheveran-tena ho ambany, sy ny maro hafa koa. Tsarovy fa ny olombelona tsirairay dia olan lehibe indrindra ho an’ny tenany. Ianao no olanao lehibe indrindra. "Amin’ny fiovana hita rehefa milefitra eo amin'i Kristy ny fanahy, dia mahatsapa fahafahana ambony indrindra izany fanahy izany "(IFM, p. 501).

Fa ny mpanefy tanimanga dia tsy afaka miasa afa-tsy amin'ny tanimanga eo am-pelatanany ihany. Izany no antony anolorantsika tena ho an'Andriamanitra. “Ny fanolorana ny herintsika rehetra amin'Andriamanitra dia manamora tokoa ny olan'ny fiainana. Izany dia manalefaka sy mampihena ady an'arivony amin’ny filàna voajanaharin’ny fo ”(My Life Today, p. 6).

Ny fanolorantsika tena ihany no mitondra amin'ny fifaliana maharitra. "Izay mandray an'i Kristy amin'ny teniny ka mampilefitra ny fanahiny sy nyfiainany, dia hahita fiadanana sy fahatoniana. Tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao mety hampalahelo ny olona rehefa Jesosy no tonga hampifaly azy ireo amin'ny fanatrehany. Amin'ny fanekena tonga lafatra dia misy fitsaharana tanteraka ”(IFM, p. 349). Miantso anao Izy anio hiaina sy hanandrana izany fitsaharana tonga lafatra izany!

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Ataovy ho fitaovan'ny fitiavanao izahay**.

"Ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin’ny ota ho fiadian'ny tsy fahamarinana ; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra toy ny efa maty nefa velona; ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an’Andriamanitra ”(Romana 6:13).

Tompo o !, maniry izahay ny hanome Anao ny momba ny fiainanay manontolo. Ampiasao ho fiasana ho an'ny voninahitrao izahay.

**Amboary ny fiainanay ho fanehoana fanompoam-panahy.**

“Koa amin’izany, mangataka aminareo aho, ry rahalahy sy ranabavy, noho ny famindram-pon'Andriamanitr mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak' Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety ataonareo izany ”(Romana 12: 1, MN).

Ray ô, misaotra betsaka Anao miantso anay ho tonga olom-baovao. Asehoy anay ny fomba hanoloranay tena tsy misy fepetra ho Anao isan'andro. Ampio izahay hanaraka Anao amin’ny zavatra rehetra amin’ny alalan’ny herinao.

**Miaro anay amin’ny ratsy**

« Fantatsika fa izay rehetra naterak’Andriamanitra dia tsy manota ; fa izay naterak’ Andriamanitra dia miaro ny tenany ka tsy mikasika azy akory ilay ratsy » (1 Jaona 5 :18)

Tompo o ! misaotra Anao mampananetana fa hiaro anay amin’ny ratsy rehefa manolo-tena ho Anao izahay. Tariho amin’ny làlanao izahay ho amin’ny fifaliana tanteraka.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an’Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaotra an’Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an’Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an’ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an’Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamaly amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

**ANDRO 4**

**MAMPIHATRA NY FIFOHAZANA**

“Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. Mangataka ianareo nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka mba ho lanianareo amin'ny filànareo. ” (Jak. 4: 2, 3).

**Maka sary an-tsaina izay mety hitranga**

Hevero hoe misy olona manao toriteny momba ny fifohazana ao amin'ny fiangonanao. Amin'ny antso faranyilay mpitory teny dia manasa ny mpihaino mba hanaiky an’i Jesosy sy hanaraka Azy mandrakariva. Angamba tsy misy mamaly. Angamba vitsy no mamaly. Angamba betsaka. Hatramin'ny namoronan'Andriamanitra ny olombelona manana safidy malalaka, dia tsy azontsika atao ny mamaritra ny fomba hamalian'ny hafa ny fanasana iray. Ary koa, rehefa maro no manaiky ny hafatr'Andriamanitra ary mampihatra izany - na noho ny fitoriana ampahibemaso, ny fampianarana Baiboly manokana, ny fitoriana ny filazantsara amin’ny finamanana, na toe-javatra tsy ampoizina voatendrin'Andriamanitra - dia hita mazava fa mahomby ny fijoroantsika ho vavolombelona. Izany karazana fahombiazana izany dia fanomezan’ny Fanahy Masina. Mihemotra kely isika - gaga ary mijery an’Andriamanitra manatanteraka fahagagana.

Nefa matetika loatra no tsy dia mahomby ny fiainana kristiana iainantsika. Tsy midika akory izany fa zava-poana ny programan'ny fiangonantsika sy ny drafitra momba ny asa fitoriana. Azo antoka fa nitahy ny ezaka ataontsika tokoa ny Tompo - araka izay tratra – dia ny ezaka an-kitsim-po ataontsika olombelona. Kanefa lehibe kokoa manao ahoana ny fanandramantsika raha mahazo ny firotsahan'ny Fanahy Masina feno isika? Andriamanitra irery no mahalala izay mety ho vita! Nanoratra toy izao ny mpitoriteny Henry T. Blackaby: “Hanatanteraka zavatra bebe kokoa ao anatin'ny enim-bolana Izy amin'ny alalan'ny vahoaka milefitra Aminy noho izay azontsika atao ao anatin'ny enimpolo taona amin'ny herintsika sy ny fahendrentsika manokana ”(Blackaby, Experiencing God, p. 108, fanontana nohavaozina).

Ilaina ny mivavaka ho an'ny fifohazana, saingy tsy afaka mijanona eo isika. Manasa anao aho hanao ireo dingana ilaina mba hiaina sy hanandrana marina tokoa ny fifohazan’ny tena manokana. Miaraka amin'ny fitahian'Andriamanitra, ny fiainanao dia mety ho lasa matanjaka sy mahatanteraka zavatra bebe kokoa noho ny tany aloha rehetra. Ny tokantranonao sy ny fiangonanao dia mety hiaina sy hanandrana fiainana vaovao ihany koa.

**Inona no tsy ampy?**

Voalohany, ireto misy fanontaniana vitsivitsy: Inona no ivon'ny olana rehetra mahazo antsika? Zavatra ara-panahy ve? Moa ve ny tsy fananantsika ny Fanahy Masina mifototra amin’ny fiainana kristiana matimaty iainantsika? Raha eny no valiny, maninona àry isika no tsy manana ny Fanahy Masina ao amin’ny fiainantsika?

Ny valiny omen’ny Baiboly: " Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. Mangataka ianareo nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka mba ho lanianareo amin'ny filànareo.. ”

(Jak. 4: 2, 3). Araka ny nianarantsika tamin'ny vakinteny tamin’ny Andro 1 dia manasa antsika Andriamanitra mba hangataka hatrany ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. “Nahoana isika no tsy noana sy mangetaheta ny fanomezana ny Fanahy, satria izany no fomba ahazoantsika hery? Nahoana isika no tsy miresaka momba izany, mivavaka ho an’izany, mitory momba izany? ” (Testimonies for the Church, vol. 8, p. 22).

Milaza ihany koa i Jakoba fa tsy mahazo isika satria "diso fangataka". Angamba ny tiany hambara dia hoe tsy afaka mitahy Andriamanitra rehefa mifantoka amin'ny “zavatry ny nofo”. ny saintsika. Manazava i Paoly manao hoe: "Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana, fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana sy fiadanana. ”(Romana 8: 5, 6).

Inona moa no "fihevitry ny nofo" resahin'i Paoly? Raha ny marina, ny Tenin'Andriamanitra dia mamaritra vondron’olona telo sy ny fifandraisan’izy ireo Aminy. Ao amin'ny vondrona tsirairay dia misy karazany maro arakaraka ny fiofanana nomen'ny ray aman-dreny, ny toetra nolovaina, ny fifehezan-tena, ny taona, ny kolontsaina, ny fanabeazana, sns... Kanefa na eo aza ireo fahasamihafana ireo dia vondrona telo ihany no hitantsika: ny olona (kristiana) "anarany fotsiny" na "araka an'izao tontolo izao", ny olona (kristiana) "ara-panahy" na "feno ny fanahy", ary ny olona (kristiana) "ara-nofo" na olona "mihevitra ny nofo".

Ireo vondrona telo ireo dia fariparitana ao amin'ny 1 Korintiana 2: 14-16 sy 3: 1-4. Ankehitriny dia andalovantsika kely fotsiny ny firesahana momba ny olona anarany fotsiny ; izy dia miaina eo amin'izao tontolo izao ary tsy manana fifandraisana amin'Andriamanitra. Ny mambran'ny fiangonana dia amin'ireo vondrona anankiroa, ka ny topimaso ny amin’ny famaritana tsirairay dia hanampy hampiseho hoe aiza no tena miafina indrindra ny olana. Ny fanontaniana dia izao, vondrona inona no misy ahy? Ny fandinihana fohy dia tokony hanampy ny fahafantarana ny tena – amin’ny fanaovana ao an-tsaina fa te hahita ny fiainantsika manokana isika fa tsy ny ain'ny hafa! Karazan’olona manao ahoana ianao?

**Anarany fotsiny**: tsy manana fifandraisana amin'Andriamanitra. “Tsy mandray ny zavatry ny Fanahin'Andriamanitra, satria fahadalana aminy izany ”(1 Korintiana 2:14).

**Araka ny fanahy**: manana fifandraisana feno sy marina amin'Andriamanitra. Raha araka ny fanahy isika dia "manana ny sain'i [Fanahin'i] Kristy" (1 Kôr. 2:16).

**Araka ny nofo**: fifandraisana amin'Andriamanitra amboamboarina na mizarazara. “Ary izaho, ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin’izay araka ny Fanahy, fa tahaka ny amin’izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ihany ao amin'i Kristy. ” (1 Korintiana 3: 1).

Tonga eo amin’ny Andro 5: Inona no maha samy hafa ny Kristiana araka ny fanahy sy ny Kristiana araka ny nofo?

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Ny Fanahy Masina no mitarika ny eritreritsika.**

"Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo ; fa izay araka ny ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy. ”(Romana 8: 5, ESV).

Ray ô, fantatray fa na izahay eo ambanin'ny hery miasa manginan'ny nofonay na ny Fanahy Masina. Miangavy Anao izahay mba hanao anay ho kristiana araka ny fanahy ary hampifantoka ny sainay amin'ny zavatry ny Fanahy.

**Tsy eo ambany fanagejan'ny filàna intsony.**

"Fa hoy Izaho: Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo" (Galatianina 5:16).

Tompo. o ! misaotra anao fa ny Fanahy Masina dia manapatapaka ny herin'ny ota eo amin'ny fiainanay. Miangavy Anao izahay mba hampamoa ny vokatry ny Fanahy ato am-ponay. Misaotra anao izahay noho izany teny fikasana mahafinaritra izany.

**Ny Fanahy no manafaka anay amin'ny fanamelohana**

« Ary amin'izany dia tsy misy fanamelohana ho an'izay ao amin'i Kristy Jesosy. Fa ao amin'i Kristy Jesosy ny lalàn'ny Fanahin'aina no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana » (Romana 8 : 1, 2)

Ray o ! fitahiana lehibe manao ahoana re ny mahalala fa ny ziogan'ny fahotana dia tapatapaka rehefa mivelona ao amin'ny Fanahy Masina izahay. Misaotra Anao fa Kristy dia nandray ny helokay teo amin'ny tenany ary nanafaka anay tamin'ny ota sy ny fahafatesana.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaotra an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an'Andriamanitra mba hanome fahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an'Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamaly amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 5

## ARAKA NY FANAHY SA ARAKA NY NOFO :

## INONA NO FAHASAMIHAFANY ?

"Fa izahay manana ny sain'i Kristy" (1 Korintiana 2:16).

**Ny Fifandraisantsika amin'ny Lanitra**

Alohan'ny hamaritana ny Kristianina araka ny fanahy sy araka ny nofo dia mila mahatsiaro isika fa tsy miresaka momba ny "mpanota" sy "tsy mpanota." Ny olona rehetra, araka ny fanahy sy araka ny nofo, dia mpanota avokoa izay mila Mpamonjy. Ny hany fahamarinantsika dia avy Aminy. Fa kosa, ny fepetra hampidirana ao amin' ny sokajy iray na ny iray hafa dia miankina amin'ny fifandraisantsika manokana amin' ny Fanahy Masina. Andriamanitra dia nanambara fa tsy afaka ny hanapaka ny fifandraisantsika amin'ny Fanahy Masina isika nefa tsy hanimba ny fifandraisantsika amin'ny lanitra (Matio 12:32). Manazava izany Ellen White manao hoe: "Fa izay mitsipaka ny asan'ny Fanahy Masina dia mametraka ny tena amin'ny toerana izay tsy ahazoany mibebaka sy mino. Amin'ny alalan'ny Fanahy no iasan' Andriamanitra amin'ny fo" (IFM, p. 338).

Ary ilaina ny mamerina izany: ny hany olona tokony ho tombanako ho toy ny araka ny fanahy na araka ny nofo dia ny tenako. Afaka miasa ao am-pon'ny hafa Andriamanitra ary tsy mila ahy hametaka fanambarana eo amin'ireo mambra namana ao amin'ny fiangonana. Ny vaovao mahafaly dia ny hoe raha diso fanantenana ny amin' ny zavatra ambarany ato am-poko aho dia afaka manova ahy Izy manomboka androany!

**Ny Mambran'ny Fiangonana Araka ny Fanahy**

No olona araka ny fanahy dia Kristianina tena niova fo tokoa. Na dia teraka mpanota aza izy dia antsoina hoe "araka ny fanahy" satria manana fifandraisana velona sy mitombo miaraka amin'ny Fanahy Masina izy. Nanoratra toy izao ny apostoly Paoly manao hoe: "Fa ny olona araka ny Fanahy kosa dia mahafantatra ny zavatra rrehetra, kanefa izy tsy fantarin' olona. Fa 'iza no nahafantatra ny sain'ny Tompo mba hahazoany mampianatra Azy?' Fa izahay manana ny sain'ny [Fanahin'i Kristy] " (1 Korintiana 2:15, 16).

I Jesosy no ivon'ny fiainan'ny olona araka ny fanahy sy manjaka ao am-pony ary mamaritra ny laharam-pahamehana eo amin'ny fiainany. Ny olona araka ny fanahy dia manana fanoloran-tena tanteraka amin'i Jesosy ary mangataka mandrakariva ny Fanahy Masina (Lioka 11:13). Ao amin'ny tontolon-kevitra momba an'i Laodikia, ny olona araka ny fanahy dia azo antsoina hoe "mafana" (Apokalypsy 3:15). Ao amin'ny fanoharana momba ny virijina 10 dia azo antsoina hoe "hendry" izy (Matio 25:2-4). Ny olona araka ny fanahy dia miaina fiainana "be dia be" (Jaona 10:10) ary feno ny "fahafenoan'Andriamanitra rehetra" (Efesiana 3:19). Faly izy fa "voavonjy amin'ny finoana" (Efesiana 2:8). Na dia miatrika fahasahiranana sy fakam-panahy aza ilay olona araka ny fanahy dia mampifantoka ny masony eo amin'i Jesosy izy.

**Ny Mambran'ny Fiangonana araka ny Nofo**

Ny olona iray izay araka ny nofo dia mety manana fifandraisana sarintsariny amin' Andriamanitra na mizarazara. Mety ho tsy miraika akory amin'ny Fanahy Masina izy na

mikomy an-karihary mihitsy aza. Toy izao no nolazain'ny apostoly Paoly manao hoe: "Ary izaho ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin'izay araka ny fanahy fa tahaka ny amin'izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ao amin'i Kristy. Ronono no nomeko anareo fa tsy ventin-kanina; satria tsy mbola natanjaka hianareo mandraka ankehitriny aza; fa mbola araka ny nofo ihany. Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo aminareo, tsy araka ny nofo va hianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona? Fa raha hoy ny anankiray : Izaho an'i Paoly ary ny anankiray kosa, Izaho an'i Apôstoly, moa tsy olona ihany va hianareo?" (1 Kor. 3:1-4).

Eto isika dia mamintina fa ny anton-javatra mamaritra dia tsy maintsy ny fifandraisantsika amin'ny Fanahy Masina. Ny hoe araka ny nofo dia mamaritra olona iray izay miaina araka ny nofo; izany hoe, amin'ny alalan'ny herin'olombelona fotsiny, fa tsy ny Fanahy Masina. Ary ny loza lehibe indrindra dia tsy nisafidianany ny hahazo ny fiainana mandrakizay izy (Romana 8:9).

I Paoly dia niantso ny olona araka ny nofo hoe "rahalahy", izay maneho fa mambran'ny fiangonana izy ireo. Tsy afaka niantso azy ireo hoe "araka ny fanahy" izy satria tsy feno loatra ny Fanahy Masina. Izy ireo dia tsy nitombo tamin'ny finoana araka ny tokony ho izy. Azo atao ny ho mambran'ny fiangonana mandritra ny taona maro befa mbola Kristianina araka ny nofo ihany. Azo atao ny manana fahalalana ara-Baiboly nefa mbola tsy matotra ara-panahy. Maro ny Kristianina araka ny nofo no mahatsapa tsy fahafaham-po, fahadisoam-panantenana, na tsy fisian'ny tanjona eo amin'ny fiainan'izy ireo ara-panahy. Ny sasany dia tsy miraika ary milaza fotsiny hoe: "mpanota isika. Tsy misy na inona na inona azontsika atao momba izany "

Ny Kristianina araka ny nofo sasany indray dia mavitrika sy mazoto, angamba mirehareha ny amin'ny toerana manan-danja misy azy ao amin'ny fiangonana. Hoy i Jesosy hoe: "Maro no hanao Amiko amin'izany andro izany hoe: 'Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay ? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay ? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? Ary hambarako aminy marimarina hoe: 'Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà Amiko hianareo mpanao meloka! " (Matio 7:22, 23). Inona no olana? Tsy nanana fifandraisana manokana tamin'i Jesosy izy ireo ary tsy niaina fifandraisana velona tamin'ny Fanahy Masina.

Raha hitanao fa Kristianina araka ny nofo ianao ankehitriny dia mandraisa herim-po! Afaka hanana fiainana vaovao hianao manomboka izao. Maro ireo Kristianina araka ny nofo no ao anatin'izany toe-javatra izany noho ny tsy fahalalana, ary mety efa mivavaka mba hahazo fanandramana lalina kokoa eo amin'ny finoana. I Jesosy dia maniry "mba ho feno ny fifalianareo" (Jaona 15:11), ary manasa anao Izy mba hitoetra amin'ny fanantenana mafy prina ny fiainana mandrakizay.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Mbola araka ny nofo isika, saingy misy fanantenana**.

"Ary izaho ry rahalahy, tsy nahazo niteny taminareo tahaka ny amin'izay araka ny fanahy fa tahaka ny amin'izay mbola nofo, dia tahaka izay mbola zaza ao amin'i Kristy. Ronono no nomeko anareo fa tsy ventin-kanina; satria tsy mbola natanjaka hianareo mandraka ankehitriny aza; fa mbola araka ny nofo ihany. Fa raha misy fialonana sy fifandirana eo

aminareo, tsy araka ny nofo va hianareo ka mandeha araka ny fanaon'ny olona? Fa raha hoy ny anankiray : Izaho an'i Paoly ary ny anankiray kosa, Izaho an'i Apôstoly, moa tsy olona ihany va hianareo?" (1 Kor. 3:1-4).

Tompo malala o ! misaotra Anao noho ny "mbola" anomezanao ity lahatsoratra ity, satria mampahatsiahy anay izany fa tsy voatery hijanona ao anatin' izany toe-javatra izany mampalahelo izany izahay. Irinay ny hanovanao anay androany. Misaotra Anao fa sitrana ny fialonana sy ny fifandirana ary ny fitsitokotokoana rehefa mivelona ao amin'ny Fanahy Masina izahay.

**Moa ve isika mangataka amin'ny tanjona araka ny nofo?**

" Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. Mangataka ianareo nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka mba ho lanianareo amin'ny filànareo.. "(Jak. 4: 2, 3)

Ray ô, miaina ao anatin'ny fahantrana ara-panahy izahay satria tsy mangataka, na mangataka amin'ny fitiavan-tena sy ny antony amin'ny maha-olombelona fotsiny. Miangavy Anao mba hanova ny vavaka ataonay sy hitarika anay amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaotra an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an'Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an'Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamaly amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 6

## VAHAOLAN'ANDRIAMANITRA HO AN'NY ADINTSIKA

“Raha misy ta-hanaraka ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny Amiko dia hamonjy izany. ”(Lioka. 9:23, 24).

### Tsiambaratelo Roa momba ny Fifohazana Maharitra

Jesosy dia manolotra vahaolana ho an'ny Kristiana araka ny nofo izay te-ho tonga Kristiana araka ny fanahy. Hoy izy: “Tomoera Amiko ary Izaho aminareo ”(Jao. 15: 4). Raha lazaina amin'ny teny hafa dia, "Mikambàna Amiko." Kanefa amin’ny fomba ahoana? Nilaza i Ellen White fa ny hoe mitoetra ao amin'i Kristy dia midika hoe

1. "**fandraisana tsy tapaka ny Fanahiny**" ary
2. "**fiainana milefitra tsy misy fepetra** ho amin'ny fanompoana Azy" (IFM, p. 730)

Io vahaolana roa sosona avy amin’Andriamanitra io dia mitondra, tsy ho amin'ny fifohazana fotsiny ihany, fa amin'ny fiainana kristiana sambatra koa. Nahoana? Hoy Jesosy hoe: “Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako ka ho tanteraka ny fifalianareo. ”(Jaona 15:11). Amin'ny fanaovana ireo dingana roa ireo dia iainantsika sy anaovantsika fanandramana ny atao hoe "Kristy ao anatinareo" na ny fanatrehany eo amin'ny fiainantsika isan’andro, ary midika izany fa mandray anjara amin’ny fanantenana ny voninahiny isika (Kolosiana 1:27).

**Ny teboka lehibe indrindra:** Isan'andro isika dia mangataka ary mandray amin'ny finoana ny firotsahan'ny Fanahy Masina, ary isan’andro isika dia manolotra izay rehetra ananantsika sy ny momba antsika ho an'Andriamanitra. Ary manome fifaliana Izy!

Tamin'ny Andro 1 isika dia niresaka ny maha-zava-dehibe ny fangatahana ny Fanahy Masina, ary tamin'ny Andro 3 dia nianatra ny amin’ny ilantsika ny fanoloran-tena tanteraka. Anio isika dia hijery indray ireo dingana roa – ka hifantoka manokana ny amin'ny ilantsika ny mangataka sy mitolo-batana isan'andro.

### Nahoana isika no tokony hangataka isan'andro ny Fanahy Masina?

Taona maro lasa izay dia namaky ny tantaran'ny jiolahy iray niova ho mpanara-dia an’i Kristy aho. Niaiky tamin'ny fony manontolo ny zava-dratsy vitany izy, ny halatra nataony, ary ny heloka bevava hafa, ary vokatr'izany dia niaina ny fidiran’ Andriamanitra an-tsehatra tamin’ny fomba mahery vaika izy. Natsimbadik’Andriamanitra tanteraka ny fiainany.

Nanaitra ahy izany. Hoy aho anakampo: manao ny tsara aho amin'ny ankamaroan'ny zavatra rehetra , saingy tsy manana fanandramana toy izany. Koa dia nivavaka aho nanao hoe, "Tompo o ! te-hiaiky ny fahotako fantatra rehetra koa aho ary ireo fahotana mbola tokony hasehonao ahy. Ho fanampin'izay, dia hifoha adiny iray mialoha isan'andro aho hivavaka sy hamaky Baiboly. Te hahita aho raha hiditra an-tsehatra amin'ny fiainako koa Ianao. ”

Deraina ny Tompo fa niditra an-tsehatra teo amin'ny fiainako Izy! Tsy hoe nahazo fahamendrehana na fankasitrahana aho tamin'ny fifohazako maraina fa satria isan'andro aho dia nametraka ny tenako teo amin'izay nahazoan'ny Fanahy Masina nikasika ahy. Raha zavatra nilain'i Jesosy isan'andro fony teto an-tany ny batisa vaovaon'ny Fanahy Masina, lehibe lavitra manao ahoana no ilantsika io hery io? I Paoly dia nanoratra momba ilay olona ao anaty izay «havaozina isan'andro isan'andro » , ary mivavaka izy mba hahatonga ny olon' Andriamanitra "hohatanjahina fatratra amin' ny Fanahiny ny toe-panahiny " (2 Korintiana 4:16 sy Efesiana 3:16). Ary i Ellen White dia manolotra izao fanantenana izao: "Vonona ny hanome ny Fanahy Masina amin'izay manompo azy ny Tompo, mihoatra noho ny fanirian'ny ray aman-dreny hanome zava-tsoa ho an'ny zanany. Tokony handefa fangatahana isan'andro amin'Andriamanitra ny mpiasa tsirairay handraisany ny batisan'ny Fanahy isan'andro. "(VM,, p. 46). Ilay "olona anaty"na ny toe-panahintsika dia mila fikarakarana isan'andro.

**Nahoana isika no tokony hitolo-batana amin'i Jesosy isan'andro?**

Raha niezaka nanampy ny mpianany hahatakatra ny toetoetra maha-fanatitra na sorona ny maha-mpianatra i Jesosy dia nilaza tamin'izy ireo hoe: "Raha misy ta-hanaraka ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy " (Lioka. 9:23). Ny hoe mandà ny tena dia midika ho famelana an'i Jesosy hifehy ny fiainantsika isan'andro. Toy izao no nanazavan'ny apostoly Paoly izany: "Maty isan'andro aho" (1 Korintiana 15:31).

Amin'ny maha-olombelona dia manohitra an'io fanoloran-tena io isika, ka manadino fa "ny fahalemeko no fahatanjahako" (2 Korintiana 12:10). Mahazo ny fiainana ara-batana isika eo am-pahaterahana, nefa mbola mila mihinana isan'andro mba hihazonana ny fahasalamana. Mahazo ny fiainana ara-panahy isika rehefa teraka indray teo amin'ny ranon'ny batisa, nefa mbola mila sakafo ara-panahy isan'andro isika fa raha tsy izany dia ho faty. Tahaka ny tsy ahafahantsika mihinana ny sakafontsika mialoha no tsy ahafahantsika koa mitolo-batana amin'i Kristy ho amin'ny rahampitso? Izao no nosoratan'i Ellen White: "Na feno toy inona aza ny fanoloran-tenantsika tamin'ny fiovam-po dia tsy hitondra soa ho antsika velively izany raha tsy havaozina isan'andro "(Our Father Cares, p. 144).

**Ahoana no hanombohana azy?**

Ny fomba tsara indrindra — ary ny fomba tokana — hahazoana ny Fanahy Masina isan'andro sy hitolo-batana amin'i Jesosy dia ny fivavahana ataon'ny tenanao manokana isan'andro. Raha tsy mifidy an'Andriamanitra isan'andro isika, ny fampanantenana ataontsika sy ny fikasantsika tsara indrindra dia toy ny « tranon-kala » (DHK, p. 56). Hanolo-tena ve ianao anio mba hizaranao ny ampahany tsara indrindra amin'ny tontolo andronao Aminy? "Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany zavatra izao. "(Matio 6:33).

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Mitoetra ao amin'ny fifandraisana tsara indrindra misy**.

« Tomoera Amiko, ary Izaho ao aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray min'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo raha tsy miray amiko. . . . Raha miray Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tadiavinareo ianareo, fa ho tonga aminareo izany. "(Jaona 15: 4, 7).

Tompo ô, misaotra anao noho ny ampitomboanao ny fahatokisanay rehefa manolo-tena ho Anao isan'andro izahay. Tariho izahay mba hahalala bebe kokoa sy tsara kokoa ny Fanahy Masina. Aoka ny fanirianao no ho fanirianay.

**Miaina amin'ny fifandraisana tsara indrindra isan'andro.**

"Raha misy ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazofijaliany isan'andro ka hanaraka Ahy" (Lk. 9:23).“Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany dia hanampy ho anareo izany rehetra izany” (Matio 6:33)

Tompo tsara o! mampianara anay hametraka Anao ho lohalaharana amin’ny zavatra rehetra. Asehoy anay ny fomba hanombohana isan’andro miaraka Aminao.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an’Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaotra an’Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an’Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an’ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an’Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamaly amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 7

## MITAKY NY TENY FIKASAN'ANDRIAMANITRA

Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondòny, dia hovohana ianareo. "(Matio 7: 7).

**Lasa Azo Atao Ny Fandresena Tsy Azo Natao**

Nanavotra antsika Jesosy mba "ho raisintsika amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy" (Galatianina 3:14). Kanefa ahoana no fomba hanorenantsika finoana ny amin'ny zavatra nampanantenainy? Ahoana no fomba hivavahantsika mba hahazoantsika antoka fa ho feno ny Fanahy Masina isika? Amin'ny fomba ahoana no hahatonga ny fo nandray famelombelomana na fanavaozana ho amin'ny fiainana fahamatorana kristiana tena izy?

Nandritra ny taona maro aho dia nahafantatra ny amin'ny fomba fivavahana antsoina hoe "mivavaka miaraka amin'ny teny fikasana", saingy nandritra ny fotoana ela dia tsy nampihatra izany mihitsy aho. Rehefa nahita ny fitahian'ny vavaka amin'ny teny fikasan'Andriamanitra aho dia te hizara amin'ny hafa. Taona maro lasa izay dia nanoratra boky aho antsoina hoe Steps to Revival Personal (Dingana ho amin'ny Fifohazan'ny Tena Manokana), izay misy toko iray milaza fa ny vavaka manaraka ny Baiboly dia fanalahidin'ny fanandramana kristiana iainana. Nisy mpamaky sasany nandefa ireto fijoroana vavolombelona ireto:

> "Tsy nieritreritra mihitsy aho fa hahita fahalalana vaovao toy izany momba ny vavaka - mivavaka mifototra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, arakany fanazavanao. Nandritra izany fotoana izany Andriamanitra dia nanome ahy fandresena teo amin'ny fiainako izay tsy noeritreretiko ho azo tanterahina velively. "
>
> "Hatramin'ny nianarako nivavaka miaraka amin'ny teny fikasana dia niova ny fiainako. . . . Ny vadiko dia nahatsikaritra fiovana tanteraka teo amiko. Izaho koa aza dia gaga ny amin'ny tenako. "

**Hianao Mihitsy No Aoka Hanandrana**

Inona no dikan'ny hoe mivavaka miaraka amin'ny teny fikasana? Misafidy teny fikasan'ny Baiboly na baiko anankiray isika ary mivavaka mamerina ireo teny ireo amin'Andriamanitra. Matoky Azy isika fa hanao araka izay nampanantenainy Izy. Avelantsika Izy hitarika ny vavaka ataontsika sy hiteny amintsika amin'ny alalan'ny Teniny. Ary raha mahatsapa fisalasalana isika - tahaka ny ataon'ny rehetra indraindray - dia aoka ho tondrointsika ireo teny fikasana ireo ary takiantsika toy ny fanomezana antoka ataon'ny tenan'Andriamanitra mihitsy. Rehefa mameno ny fontsika sy ny vavaka ataontsika amin'ny Soratra Masina isika, dia mihamatanjaka ny finoantsika ary tonga mahalala ny sain'Andriamanitra isika amin'ny fahatsapana tsy mbola nisy toy izany teo aloha. Manoratra toy izao i Ellen White: "Ny fanesorana ireo teny fikasan'Andriamanitra amin'ny Teniny Masina dia toy ny fanesorana ny masoandro eo amin'ny lanitra. . . . Napetrak'Andriamanitra ao amin'ny Teniny Masina ny teny fikasana mba hitarika antsika hanana finoana Azy. Ao amin'ireo teny fikasana ireo dia manainga ny saron'ny mandrakizay Izy "(My Life Today, p. 338).

Ny Baiboly dia manome tari-dàlana mazava momba ny vavaka ataontsika. Voalohany, dia asaina manao fangatahana amin'ny anaran'i Jesosy isika: “Raha mangataka zavatra Amiko amin’ny anarako hianareo, dia hataoko izany. ”(Jaona 14:14). Andriamanitra ihany koa dia manome fampanantenana ankapobeny fa mamaly ny vavaka izay mifanaraka amin'ny sitrapony Izy: «Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany, raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika dia mihaino antsika Izy.” (1 Jaona 5:14, 15). Andriamanitra dia manambara ny sitrapony amin'ireo didy sy teny fikasan’ny Baiboly, ary afaka miantehitra Aminy isika fa hanao araka izay nampanantenainy Izy. Mitohy ny andininy 15: "Ary raha fantatsika fa mihaino antsika Izy, na inona na inona no angatahintsika dia fantatsika fa azontsika izay angatahintsika Aminy. ”i

Inona ny dikan'izany? Rehefa mivavaka ho an'ny zavatra fantatsika fa mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra isika dia efa mamaly Izy amin'iny fotoana iny. Mety mbola tsy mahita valiny hita maso isika. Ary mazàna tsy mahatsapa na inona na inona ara-pihetseham-po isika. Nefa ny fivavahantsika dia voavaly amin'ny finoana, fa tsy amin’ny fahatsapantsika. Aorian’izany vao manaraka ny fihetseham-po , fa amin'izao fotoana izao kosa dia matoky ny teny fikasana isika.

Ohatra, nianatra zavatra iray aho rehefa nivavaka niaraka tamin'ireo olona andevozin'ny alikaola sy nikôtinina. Amin'ny fotoana ivavahan’izy ireo angatahany fanafahana, dia mety tsy mahamarika na inona na inona izy. Tsy maintsy mandray ny fanafahana amin'ny finoana izy ireo. Nefa angamba ora vitsivitsy aorian'izay dia mahatsikaritra izy ireo fa tsy manana faniriana intsony hisotro toaka na hihinana paraky. Tamin’iny fotoana iny izy ireo no nahazo ny fanafahana nangatahina tao amin'ny vavaka.

Ellen White koa dia manolotra fomba fijery momba ny fivavahana miaraka amin'ny teny fikasana: “Mahafaly an’Andriamanitra ny hanaovan’izy ireo fangatahana ambony indrindra Aminy mba hanomezany voninahitra ny anarany. Mahazo manantena zava-dehibe izy ireo raha mino ny teny fikasany ” (IFM, p. 720). “Mangataha mba hahazoana ny Fanahy Masina. Mijoro eo aorian’ny teny fikasana rehetra Andriamanitra. Tazony eny an-tànanao ny Baibolinao ary mitenena hoe: efa nataoko izay nolazainao. Entiko eto Aminao ny teny fikasana nataonao hoe: ‘Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dondòny dia hovohana hianareo ’(Matio 7: 7)” (HF, p. 120).

Nampanantena i Jesosy nanao hoe: “Koa lazaiko aminareo: Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray hianareo dia ho azonareo izany» (Marka 11:24). Mivavaka miaraka amin'ny teny fikasany isan'andro ve ianao? Rehefa mivavaka ao amin'ny anarany isika ary araka ny sitrapony dia mihetsika ny lanitra manontolo!

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Miandry ny hanome antsika ny Fanahy Masina Andriamanitra.**

“Koa raha ianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray Izay any an-danitra no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy! ” (Lioka 11:13).

“Ary ny Fanahy, Izay efa horaisin'ny mino no nolazainy tamin’izany; fa tsy ny Fanahy tsy mbola nomena, satria Jesosy tsy mbola niditra tamin’ny voninahiny. ”(Jaona 7:39).

“Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, Izay efa nomen' Andriamanitra ny manaiky Azy ”(Asa. 5:32).

Ray o!, novakinay tao amin’ny Teninao fa Hianao dia hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminao, ho an'izay mino Anao ary ho an'izay mankato Anao. Izany no fanirianay. Miangavy izahay mba ho tanterahina amin'ny fiainanay izany satria tsy hainay ny manao izany samirery. Misaotra noho ny androtsahanao ny fitiavanao ao am-ponay.

**Manasa antsika Izy mba ho fenoina ny Fanahy.**

"Aoka hofenoina ny Fanahy" na "avelao ny tenanao ho fenoina tsy tapaka sy miverimberina hatrany amin'ny Fanahy" (Efesiana 5:18, nadika malalaka).

Ray malala o ! ampianaro izahay hangataka tsy tapaka sy miverimberina hatrany ny firotsahan'ny Fanahy Masina. Tsy tianay ny tsy hanana ny Fanahy toy ny virijina adala. Fenoy ny fahendrena izay hita ao amin'ny Teninao izahay.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an’Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaotra an’Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an’Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an’ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an’Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamaly amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 8

## FANKATOAVANA AMIN'NY ALALAN'I JESOSY

"Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha; indreo, efa tonga vaovao ireo"(2 Korintiana 5:17).

**Dingan'ny Finoana**

Tadidinao ve ilay fotoana nanaovan'i Jesosy ny fahagagana voalohany tamin'ny fampakarambady tao Kana? Nilaza tamin'ny mpanompo i Maria, renin'i Jesosy nanao hoe: "Ataovy izay asainy ataonareo" (Jaona 2: 5). Tamin'ny nilazany izany i Maria dia nanorina ny fitokisan'ny mpanompo an'i Jesosy. Rehefa nibaiko azy ireo Izy mba hameno rano ny siny, dia nanao araka izay nolazainy izy ireo. Dia hoy i Jesosy: "Tovozy amin'izao, ka ento ho eo amin'ny mpandahatra ny fanasana " (andininy 8). Nanaraka indray ny baikony izy ireo, na dia toa hafahafa aza izany - ary tsy ela dia azony an-tsaina fa nanatrika fahagagana izy ireo. Andeha asiana topmaso indray ireo dingana tsirairay:

1. Tamin'ny torolàlana nomeny dia nanamafy ny fitokisan'ny mpanompo an'i Jesosy i Maria.

2. Naneho ny fahatokiany sy ny fahavononany hanao araka izay nolazain'i Jesosy ireo mpanompo. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia nanao ny **dingana fanomanana** izay hahatanteraka ny fahagagana izy ireo.

3. **Rehefa izany dia nanatanteraka ny fahagagana Jesosy**.

Tsy nanao na inona na inona ireo mpanompo mba hanovana ny rano ho divay - kanefa ho nitranga ve ny fahagagana raha tsy nisy ny dingana fanomanana nataon'izy ireo? Toy izany ny fomba fiasan'ny fankatoavan'ny finoana: misafidy ny hatoky an'i Jesosy isika, mametraka ny sitrapontsika ho feheziny, ary manao ny dingam-pankatoavan'ny finoana. Fa Jesosy - ary Jesosy irery ihany - no manao fahagagana.

**Ny Fomba Fahatanterahany**

Nanazava ny apostoly Paoly fa zava-miafina no naseho tao amintsika ho amin'ny tanjona voafaritra tsara – mba hitondra ny fankatoavan'ny finoana (jereo Romana 16: 25-27). Inona izany zava-miafina izany? Araka ny ambaran'ny Kolosiana 1:27 dia "Kristy ao anatintsika" izany. Ary inona no vokany rehefa tontosa ny fankatoavan'ny finoana ao amin'i Kristy? "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha; indreo, efa tonga vaovao ireo"(2 Korintiana 5:17). Manana fiainana vaovao amin'ny alalan'i Kristy velona sy miasa ao anatintsika isika. Tonga olom-baovao isika!

Rehefa manana "Kristy ao anatintsika" isika dia miova ny fihetsitsika manoloana ny didiny. "Fa tsy mavesatra ny didiny» (1 Jaona 5: 3). "Mora ny ziogako," hoy i Jesosy (Matio 11:30). «Ary hiravoravo amin'ny didinao aho, satria tiako ireny" fa " mihoatra noho ny volamena sy volafotsy tsy omby arivo " ary "mihoatra noho ny tantely ato am-bavako aza" (Salamo 119: 47, 72, 103). "Be fiadanana izay tia ny lalànao" (Salamo 119: 165). Ny fankatoavan'ny finoana dia zavatra mahafinaritra satria ny lalàna tsara indrindra ihany no nomen' Andriamanitra, amin'ny fitiavany.

Ary na dia zava-dehibe aza ny fankatoavana, dia tsy ahazoana ny famonjena antsika, ary tsy avy amin'ny fahatsarantsika samirery velively. Hoy Ellen White: "Izay miezaka ny hahatratra ny lanitra amin'ny alalan'ny asan'ny tenany amin'ny fitandremana ny lalàna, dia manandrana zavatra tsy azo atao. Ny olona dia tsy azo vonjena tsy misy fankatoavana, nefa ny asany dia tsy tokony ho avy amin'izy samirery; Kristy no tokony hiasa ao anatiny na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony" (Faith and Works, p. 94). Misy teboka telo tsara hasongadina:

1. Tsy afaka hahatratra ny lanitra amin'ny asan'ny tenako aho. Zava-poana ny miezaka hahazo zavatra avy amin'Andriamanitra.

2. Na izany aza, ny fankatoavana dia ampahany lehibe tena ilaina amin'ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra, satria ny mpanara-dia an'i Jesosy dia antsoina hiaina mifanaraka amin'ny sitrapony.

3. Ny fankatoavana dia tsy tokony ho asantsika manokana fa fahagagana tanterahin'i Kristy ao anatintsika.

**Inona No Anjara Ataontsika?**

Averina indray, tsy afaka manao na inona na inona hanavotana ny tenantsika isika, fa Andriamanitra dia manaja ny sitrapo malalaky ny olombelona ary mamela antsika hisafidy. Araka ny ambaran'i Ellen White, "Ny Tompo dia nanendry fa ny heriny dia hiara-miasa amin'ny ezakin'ny olombelona" (Ye Shall Receive Power, p. 10). Inona ny dikan'izany?

1. **Matoky isika**. Misafidy ny hampivelatra ny fahatokiantsika an'i Jesosy isika, Izay miasa ao anatintsika "na ny fikasana na ny fanaovana" (Filipiana 2:13). Izy no mamorona ao amintsika toetra vonona ary mampiseho amintsika izay tokony hataontsika.

2. **Manapa-kevitra isika**. Tsy maintsy misafidy ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra isika. Satria manaja tanteraka ny maha-izy antsika sy ny sitrapontsika Izy, dia tsy hiditra an-tsehatra Izy raha tsy isika no mandray ny fanapaha-kevitra. Miandry an'io Izy.

3. **Manao ny dingana fanomanana isika.** Maneho ny fanapahan-kevitsika isika amin'ny fanaovana ny dingan'ny fankatoavana, izay mety ho lehibe na ho kely.

4. **Andriamanitra irery** no manao ny asa lehibe ho famonjena .

Ary tsarovy fa na ny anjarantsika - matoky, manapa-kevitra ary manao ireo dingana fanomanana - dia atao amin'ny herin 'Andriamanitra ihany, rehefa mitoetra ao amintsika amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina I Jesosy. Izany dia mahatonga ny fankatoavana ho fifaliana.

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Ny fankatoavana dia mamela antsika hiaina tanteraka ny fitiavan'Andriamanitra.**

"Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy. Ary izay tia ahy dia ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy. " (Jaona 14:21).

Ray ô, misaotra Anao noho ny nanehoanao taminay ny fomba hahazoana ny fiainana tsara indrindra. Mamelà anay raha mitsipaka ny lalànao sy ny fitiavanao izahay. Tariho izahay hatoky Anao tanteraka ary hanolotra anao ny fonay manontolo.

**Mahafaly an'Andriamanitra ny angatahantsika fo mankato** .

"Ka omeo ahy mpanomponao fo mihaino. . . . Ary sitraky ny Tompo. . . . Indro efa nanao araka ny teninao Aho." (1 Mpanjaka 3: 9, 10, 12, nadika avy tamin'ny German Luther Version).

Tompo o! omeo fo mankato izahay. Omeo anay fahatokiana tanteraka ny fitarihanao sy ny fitsipikao, na dia tsy takatray aza izany. Ampianaro izahay hahita ny fankatoavana amin'ny alàlan'ny herin'ny Fanahy Masina tsy ho toy ny enta-mavesatra fa ho fahafinaretana.

**Soso-Kevitra Fanampiny Momba Ny Vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaotra an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an'Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an'Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamaly amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 9

## MIASA HO AN'ANDRIAMANITRA VE AHO

## SA MIASA AMIN'NY ALALAN'NY TENAKO?

Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy velona ato anatiko. "(Galatianina 2:20).

**Noforonina Hanao Asa Tsara**

Kivy i Zsolt, mpianatra teolojiana avy any Aotrisy. Nasaina hitory ny filazantsara tany Kenya izy, saingy 30 monja no tonga isan-kariva nandritra ny herinandro voalohany. Nanantena mantsy izy fa mba ho maro kokoa noho izany. Diso fanantenana izy sady menatra ka nihidy tao amin'ny efitranony ary nivavaka nandritra ny adiny efatra. Nandoatra ny famoizam-pony rehetra teo imason'Andriamanitra izy, ary nametraka ny maha-izy azy manontolo teo Aminy dia niandry. Azony antoka fa nihaino azy Andriamanitra, na dia nanelingelina azy aza ny tahotra sy ny fisalasalana. Tonga àry ny fivoriana hariva: olona 600 no tonga nanatrika! Taty aoriana dia nanana 700 izy, avy eo 1.000. Tamin'ny farany, 39 no natao batisa noho ny fahasoavan'Andriamanitra.

Isaky ny manandrana zavatra lehibe ho an'Andriamanitra isika dia miatrika fanontaniana lehibe: miasa **ho** an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahaiza-manao **maha-olombelona** ahy ve aho? Sa Andriamanitra no miasa **amin'ny alalako** miaraka amin'ny fahaizany **maha-Andriamanitra** Azy?

Miresaka ny amin'io zava-miafina momba ny fiasan'Andriamanitra mahery amin'ny alalan'ny olombelona malemy ion y Baiboly. "Fa asany isika, voaforona ao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy" (Efesiana 2:10). Ity andininy ity dia manondro "asa" anankiroa. Voalohany, Andriamanitra dia "namorona antsika tao amin'i Kristy Jesosy." Izany dia ny fiainana vaovao nomeny antsika ao amin'i Kristy. Rehefa izany dia manao asa faharoa ao anatintsika Andriamanitra : ny "asa tsara" izay efa nomaniny hataontsika. Ahoana no tokony ho fiainantsika mba hahafahan'Andriamanitra manao ireo asa ireo amin'ny alalantsika?

1. **Miaina ao amin'ny Fanahy Masina**: "Mandra-pahazoan'izy ireo ny Fanahy dia tsy afaka mahatsapa izay azon'Andriamanitra atao amin'ny alalany izy ireo" (Ye Shall Receive Power, p. 286).

2. **Miaina amin'ny fanoloran-tena feno ho an'i Kristy**: "Hahazo fitarihana avy amin'ny Tompo izay manolo-tena tanteraka eo Aminy . . . . Ho tolorana andraikitra masina izy rehefa milofo hampitombo ny fahafantarany ny fahafantarany ny fahendren'Andriamanitra " (VM, p. 247).

Amin'ny famitana ny asa nomanin'Andriamanitra ho antsika isika dia mitombo amin'ny finoana; ary ny fahaizantsika ara-panahy sy ara-tsaina dia mivoatra. Na ny tsy fahombiazantsika aza dia mitazona lesona sarobidy, satria fantatsika fa tsy misy ezaka ataon'ny olombelona afaka hahomby raha tsy Andriamanitra no ivony. " Tsy hisy vokany ny

fitoriana ny teny raha tsy misy ny fanatrehana sy ny fanampiana mitohin'ny Fanahy Masina" (IFM, p. 725).

**Tsy Amin-Kery, Na Amim-Pahatanjahana**

Ary tahaka ny mpitory izay tsy maintsy omen'ny Fanahin'Andriamanitra hery, dia toy izany koa ireo mpanoratra fitaovana ara-panahy: "Raha miaraka amin'ilay manoratra ny taratasy ny ny famonjen'Andriamanitra dia tsapan'ny mpamakyihany koa io fanahy io . . . . Saingy ny zavatra soratana rehefa tsy miaina manontolo ho an'ny voninahitr'Andriamanitra ny mpanoratra, tsy manolo-tena tanteraka ho Azy, dia mahatsapa izay fahabangana izay amin' alahelo ny anjely. Lasa mihodina izy ireo ary tsy manetsika ny fon'ny mpamaky satria tsy ao anatin'izany ny Fanahin'Andriamanitra. Tsara ireo teny, saingy tsy misy fitaomana mafana avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra "(EGW Letters and Manuscripts, vol. 1, p. 532).

Io fitsipika io dia marina amin'ny asa rehetra, na asa fanompoana, na fampianarana, na fanatanterahana tetik'asa fitoriana, fanofanana ankizy, na zavatra hafa. "Tsy ny hery avy amin'ny olombelona no mampahomby ny asa; fa ny herin'ny fahendren'ny lanitra miasa miaraka amin'ny fitaovana olombelona no mitondra ny asa ho amin'ny fahalavorariana " (Christian Service, p. 260).

Na i Jesosy avy any Nazareta tamin'ny naha-olombelona Azy aza dia niankina isan'andro tamin'ny fifandraisany tamin'ny lanitra. Nanontany ny mpianatra izy nanao hoe: "Tsy mino va ianao fa Izaho ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko? Ny teny izay lazaiko aminareo dia tsy avy Amiko izany lazaiko izany; fa ny Ray mitoetra ato Amiko no manao ny asa. "(Jaona 14:10). Na andeha hijery ny apostoly Paoly. Amin'ny fomba ahoana no nahafahan'ny lehilahy iray nanatanteraka asa fitoriana tsy mampino toy izany? Hoy izy : Voahombo miaraka amin'i Kristy amin'ny hazo fijaliana aho; ary tsy izaho intsony no velona, fa Kristy velona ato anatiko. "(Galatianina 2:20). Nahafoy ny fahaleovan-tenany i Paoly ary namela an'i Kristy hitarika ny fiainany. Nanazava izy nanao hoe: "Fa tsy sahiko lazaina izay zavatra tsy nampanaovin'i Kristy ahy, na tamin'ny teny na tamin'ny asa, mba hampanaiky ny jentilisa, dia tamin'ny herin'ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina " (Romana 15:18, 19, TV). Ny tsiambaratelo dia ny maha-ao amin'i Kristy.

Andriamanitra dia te hanao zavatra tsy mampino na dia ankehitriny aza. Mihoatra lavitra ny fahafahantsika manokana ny drafiny. Amin'ny fifandraisana am-bavaka tsy tapaka Aminy ihany no ahafahantsika manatanteraka ny asa nomaniny ho antsika. Manasa antsika Izy manao hoe: "Antsoy Aho, dia ho valiako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao. " (Jeremia 33: 3).

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Ny fahafaha-manaon'ny olombelona dia tsy mahavita afa-tsy vokatr'olombelona**.

«Ary Mosesy nampianarina ny fahendrena rehetra nananan'ny Egyptiana, ary nahery tamin'ny teniny sy ny asany izy. . . . Ary nataony fa ho fantatry ny rahalahiny fa ny tànany no hamonjen'Andriamanitra azy; kanjo tsy fantany. . . . [Andriamanitra] no nitondra ny olona hivoaka sady nanao fahagagana sy famantarana Izy. " (Asa. 7:22, 25, 36).

Ray malala ô, tariho izahay mba hitolo-batana tahaka a$^{2}$n'i Mosesy taorian'ireo taona naha-mpiandry ondry azy. Fantatray fa afaka manao famantarana sy fahagagana amin'ny alalanay koa Hianao rehefa mivelona amin'ny herin'ny Fanahy Masina izahay. Amboary izahay mba ho vonona handeha any amin'izay itarihanao anay. Misaotra noho ny herinao masina.

**Noforonina ao amin'i Kristy isika mba hanao asa tsara.**

“Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy ”(Efesiana 2:10).

Tompo ô, ataovy ho fitaovana eo am-pelatànanao izahay ho famonjena sy fitahiana ho an'ireo mpiara-belona aminay. Fantatray fa ny famitana ny fitoriana ny filazantsara dia miankina amin'ny fanontaniana manao hoe: Miasa ho an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahaizako maha- olombelona ahy ve aho, sa Andriamanitra no miasa amin'ny alalako amin'ny fahaizany maha-Andriamanitra Azy? Ampianaro izahay fa tsy afaka hanompo Anao amin’ny herin’ny tenanay samirery. Misaotra Anao nanome toky fa hiasa amin’ny alalanay. Miangav Anao mba mba hitahy ny asa ataon'ny tànanay.

**Soso-Kevitra Fanampiny Momba Ny Vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an’Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an’ny tena manokana ary misaotra an’Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an’Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an’ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an’Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon’ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an’ny zavatra ilain’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamaly amin’ny alalan’ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..

## ANDRO 10

## MIARA-MIKATSAKA FIFOHAZANA

“Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko”, hoy Jehovah Tompon'ny maro” (Zakaria 4: 6)

**Inona Ny Manaraka? Dingana Telo Ho An’ny Fiaingana Ara-Panahy Vaovao**

Tianao ve ny hanao fanandramana sy hiaina fanavaozana ara-panahy miaraka amin'ny fianakaviamben’ny fiangonanao? Ity misy sosokevitra momba ny drafitra anankiray izay nitondra ho amin'ny fifohazana ara-panahy sy fanantenana ho an'ny fiangonana tany Alemaina, Soisa, Angletera, Tajikistan, ary Etazonia. Ny fifohazana dia mety hitranga na aiza na aiza, na any amin'ny firenena laika aza, rehefa manolo-tena tsy tapaka ho an’i Jesosy ny olona ary mangataka ny fitahian'ny Fanahy Masina.

Mivavaha ny amin’ny fomba ahafahan'ny fiangonanao na ny fianakavianao na vondrom-bavaka misy anao hanao fanandramana ny amin’ny "fiaingana vaovao" ara-panahy amin'ity taona ity. Manaova drafitra, mangataha torohevitra avy amin'ny hafa, ary manendre daty hanombohana. Mety ho tianao ny hampifanaraka ny hevitrao amin’ny kolontsaina misy anao, ny fiaraha-monina, ary ny filàn'ny vondrona misy anao.

Tianay ny hizara ny ohatra tao amin'ny fiangonana iray any Decatur, Alabama, Etazonia:

**1. Fiaingana Vaovao**

**Maka herinandro na volana maromaro hivavahana mafy mba hahazoana ny Fanahy Masina, miaraka amin'ny fandinihana ny Soratra Masina sy boky hanaovana fisaintsainana na fampaherezana fohy.**

> Ho fanomanana andian’asa fitorianany filazantsara, ny mambran'ny fiangonana tao Decatur dia nanomboka niara-nivavaka tao am-piangonana nandritra ny 30 minitra isaky ny Sabata maraina. Nizara fanambarana tao amin'ny filazan-draharan'ny fiangonana izy ireo mba hanentanana momba ny vavaka, ny fifohazana ary ny asan'ny Fanahy Masina. Nanao seminera momba ny Fanahy Masina tamin’ny alalan’ny video ihany koa izy ireo in-droa Sabata hariva. Taorian'ny seminera, dia nizara boky kely momba ny fifohazana ara-panahy izy ireo ary niangavy ny mambra mba hamaky izany mandritra ny enina herinandro manaraka. (Nosafidian’izy ireo tamin’izany ny boky *Steps to Personal Revival* - Dingana ho amin’ny Fifohazan’ny Tena Manokana. Azo atao koa ny misafidy ny Dia ho eo amin’i Kristy na boky hafa tari-dàlana fianarana Baiboly momba ny fifohazana). Taorian’izany izy ireo, nandritra ny Folo Androm-bavaka, dia nivavaka ho an’ny fifohazana sy ny Fanahy Masina ary nankalaza Sabata fiaraha- mivavaka sy fiderana.

**2. Fikarakarana ny fifandraisana**

**Manomboka vavaka fanelanelanana ho an'ny olona dimy mbola tsy tratran’ny hafatra, rehefa izany dia mifandray amin'izy ireo ary mihazona finamanana amin'ny fomba iray feno fahatsoram-po sy fahendrena. Mandritra io fotoana io dia azonao atao ny mandinika boky hafa indray momba ny vavaka na fifohazana. Mandamina fiaraha-mivavaka tsiroaroa ho fanohanana sy fahatakarana lalindalina kokoa**.

Nandritra ity dingana faharoa ity ny mambran’ny fiangonana tao Decatur dia nanomboka niaraka tsiroaroa nandinika ny boky “40 Andro: Vavaka sy Fisaintsainana Hiomanana ho amin’ny Fihaviany Fanindroany “ (*40 Days: Prayers and Devotions to Prepare for the Second Coming*). . Vokatr'izany, nitombo ny fifalian'izy ireo hilaza amin'ny hafa momba an'i Jesosy. Araka ny soso-kevitra ao amin'ilay boky dia nanomboka nivavaka ihany koa ireo mambra ireo ho an'olona dimy mbola tsy nandre ny hafatra teo amin’ny fiainany. Rehefa izany dia nifandray tamin'ny olom-pantatra na mambran'ny fiangonana teo aloha ary nihazona ny fifandraisana nandritra ny fotoana maharitra. Izany dia niafara tamin'ny fanaovana Batisa sy fandraisana fitahiana ho an'ireo mambra vaovao sy ireo izay nivavaka ho azy ireo.

Eritrereto ange ity: raha mambran'ny fiangonana 10 no mivavaka tsirairay sy mihazona fifandraisana amin'ny olona dimy dia misy olona 50 izany, ary hitombo hatrany izany. Rehefa tapitra ny 40 andro dia azonao atao ny manasa ireo olona nentinao am-bavaka ireo ho amin’ny Sabatan’ny mpamangy. Manaraka izany, asao ny olona tsirairay hiditra amin’ny vondrona kely iray (Fianarana Baiboly, fianarana mahandro sakafo ara-pahasalamana, fanatanjahan-tena, fanaovana asa sosialy eo amin’ny fiaraha-monina, nainona na inona mety hitondra tombon-tsoan'ilay olona). Azonao atao koa ny manasa azy ireo hanatrika fitoriana filazantsara. Aza adino ny manatrika ireo fivoriana ireo miaraka amin'ny namana nasainao ary ampio izy ireo hahatsapa fa raisina tsara.

**3. Fizarana**

**Ny mambra tsirairay dia afaka manasa ireo olona nentiny am-bavaka mba hanatrika fivoriana fitoriana filazantsara, na fianarana Baiboly isam-batan’olona. (Raha misy tsy vonona ho amin’ny fianarana Baiboly ny sasany amin'ireo olona entinao am-bavaka, dia manasa azy ireo hiditra amin'ny vondrona madinika mifantoka amin'ny zavatra mahaliana anankiray, toy ny fanatanjahan-tena, fandrahoana sakafo mahasalama, fialamboly, na hetsika ara-tsosialy.)**

Rehefa nanao andian’asa fitoriana ny fiangonana Decatur dia niaina fifohazana sy fifandraisana lalina kokoa miaraka amin'i Jesosy ireo mambra. Niasa tao am-pon'ny olona nasaina ny Fanahy Masina ary nisy 10 nanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy tamin'ny alalan’ny batisa (nisy dimy hafa nanatevin-daharana taorian’izay). Ny vokatra dia fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny herin'ny vavaka! (Ny tantaran’i Decatur dia namboarina avy tamin'ny tatitra nataon'i Elida Meneses any Southern Tidings.)

**Inona No Azon'ny Fiangonanao Atao?**

Miara-mivavaka ary manao drafitra ho an'ny fiangonanao anio. “Mihetsika ny lanitra manontolo, ary miandry ny anjelin'Andriamanitra hiara-miasa amin'ireo rehetra izay mamolavola drafitra hanao izay handrenesan’ny olona nanoloran’i Kristy ny ainy ny vaovao mahafalin’ny famonjena. Ny anjely izay manompo ireo ho mpandova ny famonjena, dia miteny amin'ny tena olo-masina rehetra hoe: ‘Misy ny asa hataonao. ’‘ Mitsangàna, mandehana, ka mitenena. . . amin'ny olona ny teny rehetra amin'ity fiainana ity '(Asa. 5:20) "(Testimonies for the Church, vol. 6, pp. 433, 434).

Andriamanitra dia maniraka anao ho amin'izao tontolo izao miaraka amin'ity teny fikasana ity: "Izay kasainao hatao dia tsy hahomby velively amin'ny herin'ny tafika na amin'ny herin'olombelona; fa kosa ny Fanahiko no hahatanteraka izany! Izaho, Tompo Andriamanitra Tsitoha, no mampanantena an'izany " (Zakaria 4: 6, nadika avy tamin'ny *German Hoffnung fuer Alle Version*).

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra**

**Ny Fanahy Masina no hahatanteraka izany.**

"Izay kasainao hatao dia tsy hahomby velively amin'ny herin'ny tafika na amin'ny herin'olombelona; fa kosa ny Fanahiko no hahatanteraka izany! Izaho, Tompo Andriamanitra Tsitoha, no mampanantena an'izany " (Zakaria 4: 6, nadika avy tamin'ny *German Hoffnung fuer Alle Version*).

Ray malala o ! milaza aminay Hianao fa ny fahombiazana dia tsy avy amin'nyizahay ezaka ataon' ny olombelona. Mamelà Anay noho ny tsy fahampian'ny herin'ny Fanahy Masina. Velombelomy izahay mba tsy ho matimaty tahaka an'i Laodikia. Fohazy izahay ho amin'ny famonjena ny tenanay sy ny an'ny mpiara-belona aminay. Ary misaotra Anao noho ny amin'ny fifaliana mandrakizay izay nampanantenanao.

**Soso-kevitra fanampiny momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana** : Manao vavaka fisaorana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany

**Fiaiken-keloka** : Manokana minitra vitsy hanaovana fiaiken-keloka ho an'ny tena manokana ary misaotra an'Andriamanitra noho ny famelany

**Fitarihana** : Mangataka an'Andriamanitra mba hanomefahendrena ho an'ny fihaikana atrehina ankehitriny sy ny fanapahan-kevitra ho raisina

**Ny fiangonantsika** : Mangataka an'Andriamanitra hitahy ny ezaka ataon'ny fiangonantsika eo an-toerana sy maneran-tany

**Antom-bavaka eo an-toerana** : Mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpifanolo-bodirindrina

**Mihaino ary mamaly** : Manokana fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamaly amin'ny alalan'ny fiderana na ny hira

**Soso-kevitra momba ny hira** : (Mifidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra)

…………………………

…………………………..